# *Mirodana Indray Izao Tontolo Izao*

Amena. Ny Tompo hitahy anareo. Afaka mipetraka ianareo. Toa tena tsara ny tonga izao hariva izao ka mandre anareo midera ny Tompo, ary miverina ao an-trano indray ka mahita ny olona rehetra. Niandry an'ity aho hatramin'ny Fanoloram-pisaorana farany izay naha-teto ahy, mba hiverenana any amin'ny tabernaklako indray. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy fantatro hoe lasa aiza izy. Indro izy eto. Manontany fotsiny aho raha mbola hanao "amena" amin'izany foana izy, fantatrareo. [Hoy Rahalahy Moore hoe, "Amena."] Tsara foana ny tonga eto. Ary nanantena aho, araka ny nolazaiko, hatramin'ny Fanoloram-pisaorana farany.

2 Vao avy nandao an'i New York City izahay, izay nanaovanay asam-pitoriana iray nahafinaritra. Nitahy anay tao tamin'ny fomba mahery vaika ny Tompo tany. Ary tao amin'ny Morris Auditorium izahay, ary nifanizina ny olona, ary aloha-sy-aoriana teny an-dàlambe. Ary nitsangana teo izy ireo, niandry. Raha—raha niditra ny anankiray, mpitazana iray fotsiny, fantatrareo, ary mieritreritra, eny, zavatra; ny olona sasany, fantatrareo, dia mandeha any am-piangonana, ary avy eo ny zavatra voalohany, vao nisy zavatra voalaza, izay tsy tian'izy ireo, dia hitsangana izy ireo ary hivoaka. Ary teo izy ireo nifidy, hoe iza no hahazo an'io seza io rehefa mivoaka izy ireo. Dia nandalo aho isan-kariva, ary saika andian-tanàna iray, ary nanao antontany aloha-sy-aoriana teny an-dàlambe izy ireo. Ary nitahy anay ny Tompo ka nanome anay fanahy, ary fanasitranana lehibe maro no niseho.

3 Ary avy eo tamin'ny sakafo marainan'ny Business Men, dia nanana fotoana nahafinaritra izahay, nahalafo ny tapakilany. Ary—ary avy eo heveriko fa tsy maintsy namela an-jatony hiditra izy ireo, izay tsy nanana tapakila. Noho izany dia nofenoin'izy ireo ny làlantsara, sy ny manodidina ny efitrano ary ny varavarana, sy ny sisa. Ary nanana fotoana nahafinaritra fotsiny izahay. Pretra Episkopaliana iray sy ny zavatra rehetra tany, ary nitahy anay tsara tokoa ny Tompo.

4 Ary avy eo dia nijanona tany an-trano izahay, ilay tranoko hafa, any Jeffersonville. Mazava ho azy, mipetraka any Tucson aho ankehitriny, Arizona, araka ny fantatrareo, nandritr'ireo roa taona farany.

5 Ary ankehitriny dia eny amin'ny làlana hiverina any Tucson aho ankehitriny, ho an'ny sakafo marainan'ny Business

Men amin'ny herinandro ho avy any Phoenix. Eo, aorian'ny voalohan'ny taona avy hatrany, dia hanomboka asam-pitoriana iray izahay any, andro vitsivitsy alohan'ny Business Men's International, mino aho, na fivoriana nasionaly ao—ao amin'ny Ramada Inn.

6 Ary tena tsara ny tonga eto ato—ato amin'ity tanàna tsara tarehy an'i Shreveport ity, izao hariva izao.

7 Ankehitriny, mazàna aho dia miresaka ela be. Fa hiezaka ny tsara indrindrako aho mba hanena an'izany, adiny telo na efatra, na ahoana na ahoana, ho an'ity ary hatramin'ity fotoana ity. Ary fantatro fa mandreraka anareo fotsiny aho, saingy, hitanareo, tsy dia mahita anareo matetika loatra aho. Ary maro no lasa any an-Trano alohan'izaho. . . lasa any amin'ny Voninahitra alohan'ny hahitako anareo indray, ary mieritreritra aho hoe, "Eny, ity no resadresatsika miaraka farany eto an-tany alohan'ny handraisanareo ny fanidinanareo." Ary maro no lasa, tsy isalasalana, hatramin'ity fotoana ity tamin'ny taon-dasa. Ary angamba, raha maharitra ny Tompo, ka afaka hiverina indray isika amin'ny herintaona na indray andro any, dia mbola hisy sasany, eto izao hariva izao, angamba ny tenako. Tsy fantatsika ny ora izay hiantsoana antsika. Ary, fantatrareo, mety ho tonga alohan'ny hikatonan'ity fivoriana izao hariva izao ity mihitsy aza ny Tompo Jesosy.

8 Ankehitriny, araka ny ahafantaranareo ahy, tsy mpikabary iray aho, tsy mpiresaka iray aho. Izaho—tiako fotsiny ny Tompo ary manao izay vitako aho ho an'ny Voninahiny. Ary rehefa mijoro eto amin'ity lampihazo ity aho, mahafantatra fa io lehilahy tahaka an-dRahalahy Moore io sy lehilahy malaza maro no efa nitsangana teto amin'ity lampihazo ity, dia izany no manao ahy hahatsapa ho karazan'ny—karazan'ny. . . tsy eo amin'ilay toerana, tsy izany no tiako lazaina. Fa, ny tiako lazaina, ny gramerako sy ny sisa, tsapako toy ny hoe, raha tsy tena tia ahy tsara ny olona, dia hitsangana izy ireo ary hivoaka rehefa tonga eo amin'ny polipitra aho. Noho izany dia miaritra amiko fotsiny izy ireo, ary mankasitraka an'izany aho. Ankehitriny. . .

9 Fa isan'andro aho dia tonga miaraka amin'ity—miaraka amin'ity tanjona ity. Tsy tonga eto aho mba ho hita fotsiny; raha nanao an'izany aho, dia ho nandeha tany an-tranonareo hamangy, hitanareo. Tonga eto aho mba hanao ny tsara indrindra izay vitako ho an'i Jesosy Kristy Tompo, raha mbola eto aho. Tonga eto aho tsy ho an'ny tanjona hafa afa-tsy ny hanompo Azy, ary ny tsara indrindra izay fantatro, sy hitondra aminareo ny Teny araka izay nanomezana Azy ahy fotsiny, hivavaka ho anareo marary sy ory. Ankehitriny, hanana hariva iray, na roa isika, hiara-hivory izaho sy Rahalahy Moore, mba hivavahanay ho an'ny marary.

10 Avy eo, isan-kariva, dia tianay ny olona rehetra izay tsy Kristiana, manantena aho fa hisy zavatra ho voalaza na ho vita, mba ho lasa Kristiana iray ianareo. Ary raha tsy izany ianareo, raha efa nino an'i Jesosy Kristy Tompo ianareo, ka manaiky Azy ary natao batisa, nefa tsy nandray ny Fanahy Masina ianareo, dia aza avela handalo izany. Aoka ho ity mihitsy no harivanareo. Satria, tsarovy, hisy anarana maro be ao amin'io Boky io. Ary rehefa nampiana ilay anarana farany, dia izay ihany ny amin'izany. Ary ny anareo no mety hahafeno an'Izany.

11 Rehefa tonga ny Zanak'ondry ka nandray ny Boky avy teo an-tànana ankavanan'Ilay mipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianana, dia izany no Bokin'ny Fanavotana. Ary ireo anarana ireo dia napetraka tao talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Rehefa nantsoina io anarana farany io, ilay Boky, ilay drafitra, dia voambara ny zavatra hafa rehetra tamin'izany, nosokafan'ny Zanak'ondry ireo Tombokase Fito. Ireo zavamiafin'ny Baiboly manontolo dia nafenina Tao. Raha manampotoana isika, dia ho tiako ny . . .

12 Vao avy nahavita an'ireo Tombokase Fito ireo, vao haingana mihitsy. Tiako ny handinika azy ireo indray. Ary toy ny ahoana fotsiny no nitahian'ny Tompo anay! Maro aminareo no efa nandre an'izany, ary namaky tao amin'ny magazina *Life*, sy ny sisa, ireo zavatra izay niseho nandritr'izany fotoana izany. Rehefa, izy ireo dia nahazo an'ilay sary, mihitsy aza, an'ireo Anjely fito, araka ny voalaza mialoha hoe handeha any Andrefana izahay. Ary niteny tamiko Izy, telo volana talohan'izany, hoe aiza no hisy an'izany ary ahoana fa hitsangana any aho, ary teo ilay izy! Ary ireo—ary ireo fakan-tsary, oh, teo amin'ny an-jatony maily, dia naka ny sarin'Izany teo mihitsy, marina tokoa. Voateny mialoha marina tokoa! Ary raha mba hany nitory na zavatra iray izay voatsindrimandry aho, teo amin'ny fiainako, izany dia *Ireo Tombokase Fito*. Ary noho izany dia fantatro fa eo amin'ny andro farany isika.

13 Ary tonga eo amin'io Boky io ilay anarana farany, na, ny anarana farany izay navotana, izay napetraka teo amin'io Boky io, dia milamina hatreo izany, tonga Izy mitaky an'izay Navotany. Ary mety ho fotoana hafahafa iray izany. Efa mba nieritreritra ve ianareo hoe: hanohy hitory teny mihitsy ny olona, hanohy hihevitra mihitsy aza ny fiangonana fa olona voavonjy izy ireo. Tara loatra ilay izy amin'izay fotoana izay, tapitra izany rehetra izany, hitanareo, ary handeha hankany amin'ireo very tanteraka ny Hafatra; tahaka ny tamin'ny andron'i Noa mihitsy, fito andro tao anaty sambofiara. Niseho izany tamin'ny andron'i Sodoma. Jesosy Tenany, Ny—Ny dingany fahatelo amin'ny Asam-panompoany, nandeha Izy ary nitory teny tamin'ireo fanahy izay very Mandrakizay, izay tao an-tranomaizina, izay tsy nibebaka, ny fahari-po tamin'ny andron'i Noa. Ary tsy fantatsika hoe rahoviana no mety hitranga ireo zavatra ireo.

14 Ary aoka isika ho nampitandremana. Aza mitsangana eo fotsiny, ndao isika hanao zavatra mikasika an'izany. Raha tsy mahitsy amin'Andriamanitra isika, dia ndao isika hahitsy amin'Andriamanitra.

15 Indray mandeha, heveriko, ao amin'ny toko faha-11-n'ny Matio, mino aho fa izay ilay izy, eo amin'ny andininy faha-6, na zavatra iray, tsy azoko antoka izany. Ny toko faha-11 ilay izy, tena azoko antoka. Nirahin'i Jaona ireo mpianatr'i Jaona, indray mandeha, mba hahita ny Tompo Jesosy, mba hanontany Azy raha Izy marina tokoa ilay Anankiray, na tokony hiandry iray hafa izy ireo. Hoy Izy, "Mandehana asehoy an'i Jaona ireo zavatra izay mitranga. Teneno izy hoe, 'Sambatra izay tsy tafintohina nohon'ny Amiko.'"

16 Ary avy eo rehefa niampita ny havoana izy ireo, ary nandinika azy ireo angamba Jesosy, dia hoy Izy hoe, "Hizaha inona no nivoahanareo?" Ary izy ireo. . . Hoy Izy, "Nandeha nijery karazana lehilahy manao akanjo tsara ve ianareo?" Hoy Izy hoe, "Ao amin'ny lapan'ny mpanjaka izy ireo. Ary volotara iray nohozongozonin'ny rivotra ve?" Hoy Izy hoe, "Nandeha hijery mpaminany iray ve ianareo?" Hoy Izy, "Lazaiko aminareo, fa mihoatra noho ny mpaminany. Raha mety mandray an'izany ianareo, dia izy no ilay nampilazaina ny mpaminany, Malakia 3 hoe, 'Ary haniraka ny Irako eo anoloan'ny Tavako Aho.'"

17 Nametraka an'ity fanontaniana ity ireo mpianatra indray mandeha. Hoy izy ireo hoe, "Nahoana no milaza ireo mpanora-dalàna, ireo mpampianatra ny Soratra, fa, 'Tsy maintsy tonga i Elias alohan'ireo, hitrangan'ireo zavatra rehetra ireo'?" Ankehitriny tsarovy, niresaka tamin'ireo mpianatra Izy, fa tsy tamin'ireo Fariseo. Ireo mpianatra, hoy izy ireo hoe, "Nahoana no nilaza an'izany ireo mpanora-dalàna fa, 'Tsy maintsy tonga aloha i Elias'?"

18 Hoy Izy hoe, "Efa tonga Elias, fa izy ireo dia nanao taminy an'izay sitraky ny fony, nefa tsy fantatrareo izany."

19 Ahoana moa raha hahita ianareo indray andro any, ho tratry ny vanim-potoan'ny fahoriambe iray isika na zavatra hafa, hoy ianareo hoe, "Eny, nihevitra aho fa ny Fampakarana aloha no tokony ho tonga"? Hitanareo? Ary hamaly ilay feo ka hiteny aminareo hoe, "Efa nisy ny Fampakarana, nefa tsy fantatrareo izany."

20 "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, izay nisy olona valo novonjena tamin'ny rano, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." Hanohy avy hatrany ny olona, mihevitra fotsiny fa manao an'ilay zavatra tsara mihitsy izy ireo, dia ho tapitra izany rehetra izany. O Andriamanitra, mamindrà fo aminay! Ndao isika, ndao isika hanamarina, izao ankehitriny izao amin'ireto hariva vitsy manaraka ireto, hahita hoe aiza no misy antsika.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika indray.

21 Tompo Jesosy, miaraka amin'ireo zavatra ireo ao an-tsaina, ary naseho tamin'ity fiangonana ity, naseho tamin'ireto olona ireto; Andriamanitra, mivavaka aho mba Hamonjenao ny fanahy tsirairay eto Shreveport, amin'ity fotoana ity, izay voasoratra ao amin'io Boky io. Raha misy sasany eto izay tsy voavonjy, Ray, dia enga anie ho ity no ora izay hahavoavonjy azy ireo. Raha misy ato amin'ity fiangonana ity, izao hariva izao, dia enga anie ho ity no harivan'izy ireo.

22 Tahio Rahalahy Moore, Ranabavy Moore, sy ny fianakaviany, ireo zanany, ireo zanaky ny zanany. Andriamanitra, misaotra Anao fotsiny izahay ny amin'izy ireo. Ary Rahalahy Lyle, Rahalahy Brown sy ireo rehetra—ireo rahalahy ato amin'ny fiangonana, Rahalahy Don, sy ireto andian'olona mahafinaritra ireto, ny mambra rehetra eto, ny laïka, misaotra Anao fotsiny izahay ny amin'izy ireo.

23 Ary mivavaka izahay, Ray any An-danitra, mba ny fivorianay miaraka eto amin'ity Fanoloram-pisaorana ity... Mety ho ity no ho Fanoloram-pisaorana farany izay hany hihaonanay miaraka eto amin'ity tany ity, noho izany, Andriamanitra, aoka izahay hahazo tombony sy hitahiry ny fotoana. Ary fantatray fa izao dia—efa tara izao, ary tianay ny zavatra rehetra izay azonay atao, izay eo amin'ny fahefanay, mba hahavita ny asa ho an'ny Tompo Jesosy alohan'ny Ahatongavany. Na ahoana na ahoana, dia tsapako fa miandry anay Izy mba—mba hamita ny asa. Noho izany, dia ampio izahay, Tompo, izao hariva izao, amin'ny maha-isam-batan'olona, ny tsirairay avy aminay, mba ahafahanay ho tena liana mikasika an'ireo hafa, ka hivoaka ho eny an-dàlambe izahay, na ao amin'ny fiaraha-monina, ary—ary hampiditra ny very, mba ahafahan'izy ireo ho voavonjy.

24 Tahio Ny Teninao. Ny Teninao no Fahamarinana, Tompo, Fahamarinana rehetra. Noho izany dia mivavaka izahay, raha manandrana miezaka ny hamaky an'ity Mofon'aina ity izahay, ny Fahamarinana, ho an'ny olona, mba hahatongavan'ny Fanahy Masina, noho ilay vatana nopotehina teo Kalvary izay tsy maintsy nanapotehan'ny fahotana an'izany, ka hizarazara ny Tenany eo anivonay indray, ao amin'ny fiombonana manodidina ny Teny. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

25 Ankehitriny, raha sitrakareo, dia tiako ianareo hamadika miaraka amiko. Maro aminareo no somary tia mihazona ny—ny Soratra izay vakin'ny mpitoriteny iray, na ny evanjelista iray. Ary te-hamaky vitsivitsy aho, izao hariva izao, avy ao amin'ny Deoteronomia, ny toko faha-4, manomboka amin'ny andininy faha-7 ka hatramin'ny faha-14. Ary ny Bokin'ny

Hebreo, toko faha-14, ny andininy faha-25 ka hatramin'ny faha-29, manontolo. Deoteronomia 4.

> *Fa iza no firenena tena lehibe, izay manana Andriamanitra tena akaiky azy ireo, tahaka ny* T*OMPO* *Andriamanitsika amin'ny zavatra rehetra izay iantsoantsika azy?*
>
> *Ary iza no firenena tena lehibe, izay manana didy sy fitsipika marina tahaka an'izao lalàna rehetra izao, izay apetrako eo anatrehanareo amin'ity andro ity?*
>
> *Tandremo fotsiny ny tenanao, ary tandremo tsara ny fanahinao, fandrao hadinoinao ireo zavatra efa hitan'ny masonao, ary fandrao hiala ao am-ponao izany amin'ny andro rehetra iainanao: fa ampianaro an'ireo zanakao izy ireo, sy ireo zanaky ny zanakao;*
>
> Indrindra *fa ny andro* nitsangananao *teo anatrehan'ny* T*OMPO Andriamanitrao tany—tany Horeba, fony nilaza tamiko ny* T*OMPO hoe, Angony ho ahy ny olona, dia hampandrenesiko azy ireo ny teniko, mba* hianaran'*izy ireo hatahotra ahy amin'ny andro rehetra izay hiainan'izy ireo ambonin'ny tany, ary mba ahafahan'izy ireo mampianatra ny zanany.*
>
> *Dia nanatona ianareo ka nitsangana teo ambanin'ny tendrombohitra; ary ny tendrombohitra nirehitra afo* hatrany *afovoan'ny lanitra,* ary *aizina,* sy *rahona, sy* aizim-pito, ary *aizina.*
>
> *Ary niteny taminareo teo afovoan'ny afo ny* T*OMPO hoe: nandre* Ny *feon'ny teniny ianareo, fa tsy nahita endrika; nandre* ny *feo fotsiny ianareo.*
>
> *Dia nambarany taminareo ny fanekeny, izay nandidiany anareo harahina, dia ny didy folo; ary nosoratany tamin'ny vato fisaka roa izy ireo.*
>
> *Ary ny* T*OMPO nandidy ahy tamin'izany andro izany mba hampianatra anareo didy sy fitsipika, mba hanaovanareo* azy ireo any amin'ny tany *izay efa hidiranareo holovaina.*

26 Ary ankehitriny ao amin'ny Bokin'ny Hebreo, ny toko faha-14, manomboka amin'ny andininy faha-25.

> *Tandremo sao mandà izay* niteny ianareo. *Fa raha tsy afa-nandositra izay nandà an'ilay niteny teto an-tany, tsy mihoatra noho izany ve no tsy hahafahantsika handositra, raha miala amin'ilay* miteny *avy any an-danitra isika:*
>
> *Feon'izay nanozongozona ny tany: fa ankehitriny izy dia* efa *nampanantena, nanao hoe, Mbola* hanao *indray mandeha aho, tsy ny tany ihany no hozongozoniko, fa ny lanitra koa.*

*Ary io teny io hoe, Mbola indray mandeha . . . dia* midika *hoe manala ny . . . ireo zavatra nohozongozonina, tahaka an'ireo zavatra izay natao, mba haharetan'ireo zavatra izay tsy azo hozongozonina.* Eo . . .

*Koa satria* mandray *fanjakana izay tsy azo hozongozonina isika, dia aoka isika hanana fahasoavana, ho entintsika manompo izay* sitrak'*Andriamanitra amin'ny fanajana sy ny fahatahorana masina:*

*Fa Andriamanitsika dia afo mandevona.*

27 Ankehitriny dia manana naoty vitsy aho eto, ary Soratra sasany voasoratra, izay tiako hitodihana mandritra ny minitra vitsy, satria te-hanisy titra an'ity titra kely hafahafa ity aho. Ary vonona ireo horonam-peo ireo amin'ny fotoana rehetra izay ilan'ny olona azy ireo. Atoa. Maguire eto dia afaka ha—hanome anareo an'ireo zavatra ireo. Ary tiako ny haka ny lahateny, avy amin'ny lahateny iray an'ity lohahevitra ity, raha ny marina, tahaka an'izao hoe, *Mirodana Indray Izao Tontolo Izao*.

28 Tonga izahay omaly, na afak'omaly hariva, namakivaky an'i Memphis, Tennessee, tonga tara kely tamin'ny tolakandro, na ampahan'ny hariva. Ary zara raha afaka niampita ny làlambe izahay, ireo—tena nifanizina ireo ankizy sy ny olona. Dia nieritreritra aho hoe, "Mety ho inona izany?" Ny—tsy niakanjo tahaka ny niakanjoany nankany amin'ny fivoriana ara-pivavahana iray ny olona toy ny rahalahintsika tsara angamba, Billy Graham na Oral Roberts. Ary tsy nihevitra aho fa tato amin'ity distrika ity izy ireo tamin'izany fotoana izany, na ahoana na ahoana. Ary nanao pataloha ny vehivavy, ary ireo ankizy kely nanodidina azy ireo, dia nanao akanjo fitondra miasa fotsiny, sy ny sisa, salopety. Ary nanontany aho hoe inona ilay izy, ary farany dia hitanay. Izy ireo dia nanao ny—ny matson'i Santa Claus. An'arivony maro no nijery an'izany teny an-dàlambe, sy ny sisa. Ary nanana fotoana nahatsiravina fotsiny izahay namakivaky an'i Memphis, satria tonga ny fotoan'ny Krismasy.

29 Ary ny Krismasy dia tena andro ara-barotra lehibe iray, hany ka saiky manaisotra ny Fanoloram-pisaorana hiala amin'ilay sary mihitsy izany, satria . . . ao amin'ny—ao amin'ny tontolon'ny fandraharahana, na ahoana na ahoana; satria dia ny—ny tontolo ara-barotra dia voataonan'ny Krismasy betsaka kokoa, satria betsaka ny olona miantsena. Ary izy ireo fotsiny . . . Ny Fanoloram-pisaorana dia zavatra kely iray mandalo fotsiny. Ary hitantsika, satria mahita ny Krismasy manakaiky indray isika, dia nihevitra aho fa ho zavatra tsara iray ny miresaka mikasika an'ity lohahevitra ity, rehefa manakaiky an'izany isika. Hita fa, raha ny marina, ny Krismasy dia tsy . . .

30 Mankalaza an'ity andro faha-25-n'ny Desambra ity isika ho andro nahaterahan'i Kristy, nefa, mazava ho azy, ny olona rehetra dia mahafantatra fa tsy izany no andro nahaterahan'i Kristy. Andro nahaterahan'ny andriamanitra masoandro Romana izany, izay niovan'ny fiangonana fo ho, na, nivadihany nankao amin'ny Katolisisma, niforonany tao amin'ilay fivoriambe tao Nicée. Raha tokony ho an'ilay "andriamanitra masoandro," dia nataon'izy ireo ho andro nahaterahan'ny "Zanak'Andriamanitra" izany. Izany dia rehefa, ny masoandro, izany dia nanomboka tamin'ny faha-20 ka hatramin'ny... Ny tiako lazaina dia ny faha-21 ka hatramin'ny faha-25, ilay izy dia karazan'ny ao amin'ny...Adinoko ilay anarana izay iantsoanareo azy, marina tokoa. Izany dia rehefa zara raha misy iray na roa segondra no andalovan'izany an'io dingana io. Ary izany no andro nahaterahan'ny andriamanitra masoandro, ary noraisin'izy ireo fotsiny ny "Zanak'Andriamanitra" ary nanao an'izany ho andro Nahaterahany, mba hampifangaroana an'izany amin'ny fombafomban'izy ireo manompo sampy. Ary izany dia tsy midika, mihitsy, ho andro nahaterahan'i Kristy.

31 Tsy afaka ho teraka tamin'io fotoana io Izy, satria i Jodia dia saika mitovy amin'ny—amin'ny...haavo amin'ny ekoatera, tahaka an'ity, ary isika—hitantsika fa, any Jodia, amin'ny ririnina, ny faha-25-n'ny Desambra, dia misy tafiotran'orampanala izy ary mangatsiaka. Tsy afaka ny ho eny antendrombohitra ireo mpiandry ondry, ary maro ny antony tsy hampety an'izany.

32 Ary avy eo dia teraka araka ny natiora Izy, tahaka ny natiora hafa rehetra, Izy—teraka tamin'ny Lohataona Izy. Mazàna ireo zanak'ondry dia teraka, amin'ny Lohataona; ary Izy no Zanak'ondry. Ankehitriny, mino aho, fa Izy dia teraka, ny tenako, Martsa, Aprily, na ao anatin'izany any ho any, amin'ny fiandohan'ny Lohataona.

33 Saingy hitantsika fa nanao andro fivarotana iray avy tamin'izany izy ireo. Mitangorona eny an-dàlambe ny olona, ary mikosoka soroka, sy mifamaly amin'ireo zavatra, ary manontany mikasika ny fanolorana fanomezana iray ho an'ny olona iray, ohatrinona no haloan'izy ireo amin'izany.

34 Indray andro, dia gaga aho. Tao amin'ny toerana iray izay nitsanganako, ary niresaka ny vehivavy roa mikasika ny fanolorana ho an'ny rain'izy ireo amin'ny andro nahaterahana...na ny fanomezana Krismasy amin'ity taona ity. Ary hoy ny anankiray tamin'izy ireo hoe, "Nomeko whisky iray litatra izy." Ary hoy ilay anankiray hafa hoe, "Nomeko fonosana iray izy, na sigara iray baoritra," na zavatra hafa tahaka an'izany. Ary nilaza izy ireo, ny iray manome bebe kokoa ho an'ny whisky noho ny nanomezan'izy ireo an'ireo sigara.

35 Dia nieritreritra aho hoe, "Raha tsy izany no fomba

hanomezana ny—ny . . . mifanakalo na manolotra fanomezana ho fahatsiarovana an'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra!" Zava-mahafaty iray toy ny inona!

36 Ary hitako ny tontolontsika ao anatin'izany alahelo iray izay misy azy izany ankehitriny, voaloto amin'ny lafiny rehetra, tsy misy fomba iray eto amin'izao tontolo izao mba hany hiverenany amin'ny tenany indray. Tsaratsara kokoa amintsika ny mitandrina, an'izay ataontsika amin'izao andro izao. Satria isika dia manana, izao ankehitriny izao ao anatin'ny fisaonana, ny amin'ny iray amin'ireo loza lehibe, ary—ary iray amin'ireo lehibe . . . Tsy nieritreritra mihitsy isika fa hitranga eto Amerika izany zavatra izany, saingy eto izany na ahoana na ahoana. Ary ny famotsorantsika manokana mikasika ny Filazantsara, dia lasa lanin'ny kankana miaraka amin'ny zavatra tahaka an'izany ilay izy, ary hiharatsy kokoa. Tsy misy fisalasalana mihitsy, ao an-tsaiko, fa hiharatsy tsy ankitsahatra mihitsy izany.

37 Saingy hitantsika, amin'ity Krismasy ity, mba hahatongavana eo amin'ilay lohahevitra, fa ity Krismasy ity dia mahita an'izao tontolo izao saiky mitovy aminy tamin'ny roa arivo taona lasa izay, rehefa tonga Jesosy. Tsy niova betsaka mihitsy izy hatramin'izay. Satria, ity, io Krismasy io dia nahita an'izao tontolo izao nirodana, ary nitady Mesia iray hanampy azy hihazona azy hiaraka. Ary—ary saiky tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao, manao an'ilay zavatra iray ihany isika. *Mirodana Indray Izao Tontolo Izao*.

38 Ankehitriny, tsy eto Amerika ihany izany, fa manerana an'izao tontolo izao, na aiza na aiza alehanareo; ny tontolo ara-pivavahana, ny tontolo politika, ny zavatra rehetra, ny—ny tontolon'ny fitondran-tena. Izany—izany, tsy misy an'izany intsony mihitsy, ilay izy fotsiny dia . . . Ny fitondran-tena dia eo amin'ny olona tsara fotsiny, tsy misy intsony, ary tena sarotra ny mahita an'izany. Izany dia—henatra iray izany. Ary lò ireo politika sy ny zavatra rehetra, hany ka marary sy fery vao ilay zavatra manontolo, hatramin'ny loha ka hatrany amin'ny tongotra, izao tontolo rehetra izao. Ny rafitra ara-politikantsika, ny rafitra ara-pivavahantsika, ny rafitra ara-pitondran-tenantsika, ny zavatra rehetra izay ananantsika, dia vita! Izao fotsiny, fa tsy misy fomba hihazonana an'izany miaraka. Izy, vita ny aminy! Ny . . . Eo amin'ny faran'ny làlana isika. Izay ihany no misy amin'ilay izy.

39 Isika, fantatro fa efa ela no niresahantsika mikasika an'izany, fa indray andro any dia hihoatra an'izay resahana izany, ho zavatra ara-tantara izany, ka hahita ny tenantsika any ivelany isika raha tsy mitandrina amin'izao fotoana izao.

40 Manontany aho, raha isika amin'ity Krismasy ity, raha handefa Azy indray Andriamanitra tahaka ny Nataony tany roa arivo taona lasa izay, raha handefa Azy ho amintsika Izy

amin'ny 1964, dia manontany aho raha tsy hanao Aminy tahaka an'izay nataon'izy ireo tamin'izany isika? Manontany fotsiny aho raha mbola hisy Ny Fihaviany, horaisina bebe kokoa ve Izy, ao amin'ny—ao amin'ny—ao amin'ny tontolo ara-politika na ao amin'ny tontolo ara-pivavahana, noho Izy tamin'izany? Manontany fotsiny aho raha ao anatin'ny toerana tsara kokoa isika handray Azy, tahaka Azy tamin'izany? Fa fantatsika fa nolavina Izy tamin'izany.

41 Inona no hataontsika Aminy raha tonga Izy? Angamba ny tontolo ara-pivavahana, izay anorenako an'ity, dia hanao Aminy tahaka ny nataony tamin'ny fotoana hafa. Hanohombo Azy izy ireo raha vitany, (tsy niova izy ireo), noho ilay antony iray ihany izay nataon'izy ireo tamin'ny fotoana hafa.

42 Nahoana izy ireo no nanao an'izany, ary nanohombo an'ilay Anankiray izay nivavahan'izy ireo mba ho tonga teto an-tany, mba hamonjy azy ireo, hamoaka azy ireo avy amin'ny korontana? Nanohombo an'ilay fanantenana tokana izay nananany izy ireo. Nahoana? Nahoana izy ireo no nanao an'izany? Satria, rehefa namaly ny vavak'izy ireo Andriamanitra, dia namaly an'izany tamin'ny fomba tsy nampoizin'izy ireo hamaliana an'izany Izy. Rehefa tonga Izy, dia tsy tonga tamin'ny tsiron'ny teolojian'izy ireo mihitsy Izy.

43 Ary raha ho tonga indray Izy, androany, dia ho tonga amin'ilay fomba iray ihany Izy; tsy araka ny tsiron'izao tontolo izao na ny teolojian'ny fiangonana, sy ny fomba izay iheveran'izy ireo Azy. Tonga foana Izy. Tahaka an'ireo vahoakan'Andriamanitra, rehefa ao anatin'ny olana izy ireo, ka mivavaka, amin'izay fotoana izay dia omen'Andriamanitra azy ireo izay ivavahany, saingy Omeny amin'ny fomba izay mahasoa azy ireo izany. Ary nolavin'izy ireo Izany, satria tsy tonga araka ny iheveran'izy ireo fa tokony Hahatongavany Izany. Nolavin'izy ireo ny Tenin'Andriamanitra voahosotra, ary Izy no Teny.

44 Ankehitriny, Andriamanitra, tao amin'ny taona rehetra, tamin'ny fotoana rehetra, rehefa manomboka Izy, "Rehefa niteny Ny Teniny tamin'ny fotoana samihafa Izy tamin'ny alàlan'ireo mpaminany, amin'izao andro farany izao dia amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, Ny Zanany," hitantsika fa ny tsirairay avy amin'ireo faminaniana ireo dia nety tamin'ny taona anankiray. Tahaka an'i Nebokadnezara Mpanjaka fony izy nanana an'io nofy io, sy ilay tontolo Jentilisa hatramin'ny loha ka hatrany amin'ny tongotra, ary Daniela no nanome ny fandikana an'io nofy io; izany dia fa—faminaniana iray ho an'izao tontolo izao manontolo, mandrakizay, ny fizarana tsirairay ao amin'ny Fanjakana Jentilisa, araka izay hatramin'ny loha ka hatrany amin'ny tongotra. Ary ireo mpaminany dia niteny foana an'ireo Teny izay tokony hitranga mandritra ny taona tsirairay. Ary rehefa Andriamanitra . . .

45 Ao anatin'ny olana ny vahoaka, dia mamaly azy ireo Andriamanitra. Mandefa mpaminany voahosotra iray ho azy ireo Izy na karazana iraka iray, satria tsy afaka hisintona Ny Teniny izay Voatendriny ho an'io taona io Izy. Fa, ny Ataony, dia mandefa iraka iray Izy mba hanao an'io ampahan'ny Teny io ho velona ho an'io taona io. Manao an'izany foana, hitanareo. Nanao Ny Teniny Izy tany am-piandohana. Fantany hatramin'ny voalohany ny farany. Niteny Ny Teniny Izy. Ary ny taona tsirairay, rehefa ao anatin'ny olana izy ireo, izy ireo dia. . . nivavaka izy ireo, ary nandefa anankiray voahosotra Andriamanitra. Ary io voahosotra io dia hanao tanteraka an'io fampanantenan'io taona io, izay voateny mialoha ho an'io taona io, ho velona. Ary izany foana no Ataony. Tsy manova ny Fandaharany mihitsy Andriamanitra. Ankehitriny, tsy mahita an'Andriamanitra nanova mihitsy isika.

46 Nandamina an'izany indray mandeha Andriamanitra, hoe ahoana no Hamonjeny ny olona, izay tao amin'ny sahan'i Edena, teo ambanin'ny rà nalatsaka. Nanandrana ny rafitra hafa rehetra isika, nanomboka tamin'ny ravina aviavy ka hatramin'ny fianarana, psykolojia, anarampiangonan'ireo rafitra, sy ny sisa, ary ny kely tsirairay an'izany dia efa—efa nolavina; ary tsy nety mihitsy izany, tsy hety mihitsy. Eo ambanin'ny Rà nalatsaka irery ihany no hihaonan'Andriamanitra amin'ny olona, ary izany no toerana tokana izay hany Hihaonany aminy, satria izany no Fanapahankeviny voalohany. Tsy hihaona amin'olona eo ambanin'ny karazana rafitra ara-etika iray mihitsy Izy. Izy tsy hanao mihitsy, velively mihitsy! Miverena avy hatrany fotsiny amin'ny Làlan'Andriamanitra, izany no Nolazainy voalohany. Ary tsy manam-petra Izy, tsy afaka miova, ary tsy miova Izy isan'andro. Eo no Ihaonany amin'ny olona, ary eo ihany. Izany no antony tsy ahafahantsika manana fiombonana ankehitriny, izany no antony tena mampisaraka ny fiangonana, satria ny tsirairay avy dia misaraka ao anatin'ny rafitra iray, ary, rehefa manao an'izany izy ireo, amin'izay fotoana izay dia mandà azy ireo Andriamanitra, eo mihitsy. Tiany isika hihaona eo ambanin'ny Rà, izay ananantsika ny zavatra rehetra iraisana, eo ambanin'ny Hazo fijaliana. Tanjon'Andriamanitra tokana ny hanao an'izany! Mandefa Ny Teniny foana Andriamanitra.

47 Ary hitantsika, amin'izao andro izao, fa izao tontolo izao amin'izao andro izao dia tahaka azy tamin'izany andro izany mihitsy; mahita ny tenany, ny rafitra ara-politikany, sy ny sisa, mirodana izy rehetra, ka miandry mesia iray izay hihazona azy miaraka.

48 Ankehitriny, ny teny hoe *mesia* dia midika hoe "ilay anankiray voahosotra," zavatra iray voahosotra. Andriamanitra! *Ity* no fanambaran'i Jesosy Kristy, ilay Boky manontolo dia voaisy tombokase tamin'ny Tombokase Fito

an'ny fanambaran'i Jesosy Kristy. Jesosy Kristy dia tao amin'ny Genesisy; Jesosy Kristy dia teo afovoan'ny Boky. Jesosy Kristy dia tao amin'ny—tao amin'ny Eksodosy sy Genesisy, ary tao afovoan'ny Boky Izy ary Izy dia tao amin'ny—ny Testamenta Vaovao, ary ao amin'ny Apokalypsy sy hatramin'ny farany mihitsy, "ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Andriamanitra izany rehetra izany!

49 "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika."

50 "Andriamanitra tamin'ny andro samy hafa sy ny fanao samy hafa dia niteny tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ny mpaminany." Rehefa tonga tamin'ireo mpaminany ny Tenin'ny Tompo, ary izy ireo ihany, satria voahosotry ny Teny izy ireo, dia nanana zò handika ny Teny izy ireo. Ary niasa tamin'ny alàlan'izy ireo Andriamanitra, nanaporofo fa marina ny Teny. "Raha Izaho ilay . . . misy anankiray eo anivonareo izay arapanahy, na mpaminany, Izaho Tompo no hampahafantatra ny Tenako aminy. Ary raha miseho izay lazainy, amin'izay fotoana izay dia henoy izy. Raha tsy miseho izany, dia aza mihaino azy." Izany dia tsy misy afa-tsy fandanjalanjana tsara, ho an'ny olona rehetra.

51 Ankehitriny dia mahita ny tenantsika isika eto, amin'ny andro farany ankehitriny, izay iandrasantsika ny Fihavian'ny Tompo indray.

52 Eny tsaroako ilay mpitoriteny Batista fahiny izay nanao batisa ahy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, fony aho mbola zazalahy kely iray fotsiny. Ary niady hevitra tamiko izy taloha mikasika an'io lohahevitra io, mikasika an'i Jaona Mpanaobatisa. Hoy izy hoe, "Rahalahy Billy," hoy izy, "rehefa Jaona . . . Rehefa nilaza Izy hoe, 'Ekeo ihany aloha ho tahaka an'izany ilay izy,' ary avy eo dia nanaiky Azy izy." Hoy izy hoe, "Avy eo i Jaona, dia nanao batisa . . . Jesosy dia nanao batisa an'i Jaona, satria fantatsika fa tsy mbola vita batisa mihitsy i Jaona, kanefa nitory ny batisa izy." Eny, somary nahaliana ahy foana izany, kely.

53 Avy eo teto vao tsy ela akory izay, dia voambara tamiko izany, tahaka an'izao, hoe teo no nihaona tao amin'io dobo io, tao amin'io lavaka misy rano io, ireo iraka roa lehibe indrindra izay hany hitan'izao tontolo izao: ny—ny lehilahy izay ambonin'ny mpaminany rehetra, dia Jaona, "tsy mbola nisy mihitsy olona iray natera-behivavy, lehibe tahaka azy"; ary teo Andriamanitra, Izy tenany, voaseho tao amin'ny vatan'ny nofo. Ary tsarovy, fa ny Baiboly dia miteny amintsika hoe, "Ny Tenin'ny Tompo dia tonga amin'ny mpaminany." Ary rehefa tonga nofo ny Teny; dia nitsangana teo ilay mpaminany tao anaty rano. Ary tonga niaraka ny Teny sy ny mpaminany,

nifankahafantatra izy ireo! Marina. Ilay Teny Izy tenany, tonga nofo, Zanak'Andriamanitra lasa nofo, dia tonga teo amin'ny mpaminany, tao anaty rano.

54 Hoy ilay mpaminany hoe, "Izaho no mila Ataonao batisa, fa nahoana Ianao no manatona ahy?"

55 Hoy Izy hoe, "Ekeo ihany aloha ho tahaka an'izao, fa izao no mety amintsika mba hanatanterahantsika ny fahamarinana rehetra."

56 Mariho! Jaona, satria mpaminany iray, dia nahafantatra fa Izy no ilay Fanatitra. Ary ny fanatitra dia tsy maintsy sasana alohan'ny hanolorana azy ho fanatitra. Ary izany no antony tsy maintsy nanaovana batisa Azy.

57 Oh, androany, dia izany no mety amintsika, mba hanatanterahantsika ny fahamarinana rehetra amin'ny androntsika. Eto ilay ora. Ny Baiboly dia miteny amintsika an'izay hitranga amin'izao andro izao. Fantatsika izay lazain'ny Baiboly fa hiseho amin'izao andro izao. Miankina amintsika ny mifikitra amin'Andriamanitra mandra-pitrangan'ireo zavatra ireo. Izao no ora! Mivavaha ho an'ilay anankiray voahosotra izay hanome antsika ny fanafahana izay andrasantsika, satria Andriamanitra no nampanantena an'izany.

58 Nolavin'izy ireo ny Tenin'Andriamanitra voahosotra tamin'izany, ary noho izany dia nianjera izy, nirodana. Ary mahita indray isika, amin'izao fotoana izao, fa mirodana indray koa izy. Hitako, araka ny nolazaiko, fa lò ireo politikantsika, lò ny fiainam-piangonantsika. Inona no niseho? Ity no nanao an'izany; rehefa miala ianareo amin'ny, amin'ny fotoana rehetra, miala amin'ny fandaharan'Andriamanitra, dia hahita fahalòvana ianareo. Tsy afaka haharitra izany. Tsy mety diso ny Tenin'Andriamanitra, ary tsy misy na inona na inona hafa haka ny Toerany, tsy afaka mihitsy.

59 Ny rafitra ara-pampianarantsika, ny rafitra ara-anaram-piangonantsika, no naka ny toeran'ny Fanahy Masina izay mitarika ao amin'ny fiangonana. Ny fanofanantsika tena tsara an'ireo mpitoriteny sy ny sisa no naka ny toeran'ny—ny fivoriam-bavaka mandritra ny alina manontolo, sy ny fanao tamin'ny andro fahiny izay nanatonantsika an'Andriamanitra taloha. Ankehitriny, raha tokony hanana mpitory teny, dia manana mpandahateny isika, lehilahy izay mahafantatra ny Teny tsara ihany koa, afaka mipetraka eo izy ireo ary manambatra an'Izany amin'ny fomba izay mahavariana hoe ahoana no ahafahan'izy ireo manao an'izany. Fantatr'izy ireo ny mekanika, fa tsy izany no Dynamika. Ny Dynamika no ilaintsika. Tsy miraharaha ny mekanika aho; ny Dynamika no tiako ho fantatra. Inona no ataon'Izany?

60 Tsy fantatro hoe ahoana no andehanan'io fiara eo io. Manana pistons sy cylindres izy, ary tsy fantatro hoe fanosehana firy

no nampiasainy. Ny zavatra tokana fantatro dia ny dynamika, mametraka azy eo dia mitondra azy.

61 Izany no fantatsika, Andriamanitra no nanao ny teny fikasana hoe, “Handatsaka Ny Fanahiko amin’ny nofo rehetra Aho, ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany.” Ahoana no Hanaovany an’izany? Tsy afaka miteny aminareo aho. Te-hahafantatra fotsiny an’ireo Dynamikan’ny rafitr’Andriamanitra aho. Izany no zava-dehibe.

62 Amin’izao andro izao dia nianatra an’ireo mekanika isika hany ka ny rehetra dia ara-mekanika. Inona no soa ataon’ny fiara iray tsy misy zavatra ao anatiny hamiliana azy? Inona no soa ataon’ireo jiro raha ny—raha ny. . . na ireo fitaovana, raha tsy misy herinaratra hiditra ao anatiny? Hitanareo, manana ny mekanika rehetra isika, manana an’ireo sekoly sy mpanabe isika, sy ny sisa, izay afaka manofana lehilahy iray, hany ka afaka mitsangana eo amin’ny polipitra amin’izany fanao izany izy mandra-pahatongany ho olona iray mahay mandaha-teny. Tsy mbola mitondra ny Herin’Andriamanitra foana izany. Aiza ilay Herin’Andriamanitra nisy tao amin’ny fiangonana taloha? Aiza ilay Fitahiana pentekotista izay nikoriana nanerana an’ireo fiangonana taloha? Izany no antony irodanan’ny tontolontsika, satria niala tamin’ireo tena fitsipik’Andriamanitra isika, ary nampianatra ny olona tao amin’ireo rafitra sy ny sisa. Ary izany no nampiditra antsika amin’ny toerana izay misy antsika amin’izao andro izao. Mino aho fa izany no antony irodanan’ny tontolontsika.

63 Efa teto an-tany hatramin’ny andron’i Noa ireo hetsika ireo. Hitantsika rehefa Andriamanitra no. . . nanana an’i Noa, mpaminanin’ny fahamarinana, nivoaka niaraka tamin’ny hafany, nisy hetsiky ny faharatsiam-pitondran-tena iray tamin’izany andro izany, araka ny nolazain’ny Baiboly hoe, “Nihinana, nisotro, nanambady, namoaka hanambady.” Hitantsika, ny fahatendan-kanina sy faharatsiam-pitondran-tena, sy ny sisa, niseho tamin’izany andro izany. Ary avy eo dia nirodana izao tontolo izao satria nolavin’ny olona ny hafatr’Andriamanitra, ho an’io andro io. Noa dia mpaminany iray voahosotr’Andriamanitra, nirahin’Andriamanitra, niaraka tamin’ny hafatra iray avy tamin’Andriamanitra, ary nanome fampitandremana iray ho an’ny olona izy talohan’ny nahatongavan’ny fitsarana. Ary nivanivany sy nihomehy izy ireo, ary naneso an’izany, ary namingavinga, ka nirodana ilay rafitr’izao tontolo rehetra izao, tamin’izany andro izany, ary maty an-drano tao ambanin’ny ranomasina izy ireo. Marina izany. Nahoana? Nolavin’izy ireo ilay hafatry ny ora.

64 Hitantsika fa ilay zavatra iray ihany no niseho tany Egypta, rehefa nitarika ny zanak’Isiraely hivoaka i Mosesy. Lasa lò ilay rafitra Egyptiana manontolo. Ary hitantsika fa niseho indray izany ankehitriny, rehefa nandefa iraka voahosotra iray

ho an'Ny Teniny Andriamanitra tany. Mba hanatanteraka Ny Teniny izany.

Hoy ianareo hoe, "Mba hanatanteraka Ny Teniny ve izany?"

65 Niteny tamin'i Abrahama Izy fa izany marina tokoa no Hataony. Ary tsy maintsy nisy olona iray tonga teo amin'ny sehatra, tamin'io fotoana io, mba hanao an'io Teny io ho velona teo anatrehan'izy ireo mihitsy. Nandefa Ny Mosesiny ho any Andriamanitra, ary, ilay tena zavatra Nampanantenainy hatao mihitsy, dia nataony izany, satria izy no Teny voahosotra ho an'io ora io. Nilaza izy fa izany no hitsara an'izao tontolo izao. Hoy ny Tenin'Andriamanitra hoe, "Hitsara an'izany firenena izany amin'ny fahagagana lehibe, mahery ary famantarana Aho."

66 Nitsangana teo ny lehilahy iray, lehilahy tsotra iray tahaka ahy na ianareo, nanana ny Teny avy tamin'Andriamanitra, ary nivoaka teo ka niteny zava-boahary ho amin'ny fisiana. Hoy izy, "Aoka. . . " Naka ny fasika, ka nanao hoe, "Aoka hivoaka avy amin'ny tany ireo parasy." Ary ny Tenin'Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny vavan'io mpaminany io, satria tonga tamin'ilay ora natao hahatongavan'izany mihitsy ilay izy, dia nandrakotra ny tany manontolo ireo parasy. Norakofany sahona ny tany, hao. Norakofany tamin'ny karazan'ny—ny aretimandringana rehetra sy ny sisa izany. Satria, Andriamanitra no nanao ny teny fikasana, ary teo ilay ora hanosorana an'izany, ny Teny voahosotra ho an'io ora izay niainan'izy ireo io.

67 Izany no ilaintsika amin'izao andro izao, tsy miverina amin'ny rafitry ny seminera iray, fa ny Teny voahosotra ho an'ny ora izay iainantsika, mba haneho an'i Jesosy Kristy amin'izao tontolo izao indray. "Ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Misy ny—misy ny fandaharana iray napetraka ho an'ity andro ity, fampanantenan'Andriamanitra iray. Ary ny fomba tokana hany ahafahantsika hahitsy, dia ny mamela an'ity Teny ity ho voahosotra. Marina izany. Nitranga foana izany. Eny.

68 Hitantsika ny fahalotoana lehibe an'ny fitondran-tena tamin'ny andron'i Nebokadnezara. Nanana lehilahy voahosotra iray Izy. Rehefa tonga teo amin'ny rindrina ilay sora-tànana, dia nanana lehilahy iray afaka namaky an'izany Izy.

69 Tamin'ny andron'i Lota sy Sodoma, dia hitantsika indray fa nirodana izao tontolo izao. Namonjy an'izay azo novonjena Andriamanitra, avy tao amin'izany.

70 Tamin'ny andron'i Jesosy Kristy, dia hitantsika fa ireo rafitra nataon'olona no nampiditra an'izao tontolo izao tao anatin'izany toerana izany, ary ny politikan'izy ireo tamin'izany andro izany, hany ka, izy ireo, nirodana izao tontolo rehetra izao, tamin'ny Krismasy voalohany.

71 Ankehitriny isika dia nanao an'ilay zavatra iray ihany, nihodina avy hatrany ka nanimba ny Tenin'Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny fivavahana ara-drafitra, hany ka hitantsika

fa mirodana izany. Inona ny anankiray avy amin'ireo rafitra ireo azontsika ianteherana ankehitriny? Rafitra inona no azontsika andehanana, ny rafitra Metodista, Batista, Presbyterana, sa Pentekotista? Tsy misy na inona na inona azontsika atao afa-tsy ny miverina amin'ity Teny voahosotra an'ny teny fikasana ho an'ity ora ity. Malemy ireo rafitra ireo, misy kilema izy ireo. Izy ireo, izy ireo dia, rafitra nataon'olona izy ireo, ary tsy hamonjy anareo izy ireo. Tsy misy Aina ao anatin'izy ireo. Ao amin'ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no misy Aina. Fiainana Izany. Izy no niteny an'izany.

72 Ary tahaka ny tamin'izany, raha nivavaka izy ireo, dia mahita ny tenany eo amin'ny fiafaran'ny diany ny olona, na ny fiafaran'ny tadiny, tahaka ny tamin'ny andron'i Noa sy ny andron'i Mosesy, sy ny sisa. Rehefa mahita ny tenany izy ireo, hoe tsy afaka mandeha lavitra kokoa, amin'izay fotoana izay dia manomboka mivavaka izy ireo. Ary rehefa manomboka mivavaka izy ireo, dia mamaly foana Andriamanitra. Tamin'izay fotoana izay dia teraka Jesosy.

73 Izao tontolo izao tamin'izany fotoana izany, araka ny nolazaiko, dia nirodana. Ny firenena tsirairay dia niandry mesia iray, tahaka antsika amin'izao andro izao mihitsy. Niandry tapi-pahaizana malaza iray izay mety ho tonga eo anivon'izy ireo i Roma, le—lehilahy malaza iray izay nanana ny paik'ady ara-miaramila rehetra, hoe afaka handeha any izy ka handrava an'i Grèce sy ny sisa amin'izao tontolo izao. Niandry an'ilay zavatra iray ihany i Grèce, olona iray izay afaka hiteny amin'izy ireo hoe ahoana no ahafahan'izy ireo handresy an'izao tontolo izao.

74 Niandry jeneraly iray ilay tontolo ara-pivavahana Jiosy tamin'izany andro izany. Nihevitra izy ireo fa hidina avy any Andanitra ny Mesia iray, miaraka amin'ny tehim-by lehibe iray eny an-tànany, ary handresy an'i Roma Izy, hanosihosy azy ireo ary handefa azy any anaty ranomasina. Ary ny rehetra teo, niandry an'io karazana lehilahy io izy ireo. Nila jeneraly iray izy ireo.

75 Tahaka ny ankamaroan'ny anaram-piangonantsika amin'izao andro izao, miandry lehilahy ambony iray ireo anaram-piangonantsika. Miandry lehilahy ambony iray ny firenentsika. Miandry lehilahy ambony iray i Rosia. Miandry anankiray ny tontolo tatsinanana. Miandry anankiray ny UN. Miandry anankiray ireo fiangonana. Fa karazana anankiray inona no andrasan'izy ireo?

76 Rosia dia miandry mesia iray izay voahosotra miaraka—miaraka amin'ny ati-doha izay ahafantarany hoe ahoana no hahazoana ny any ankoatry ny habakabaka ho azy ireo, mihoatra ny olona rehetra hankeny amin'ny volana. Te-handresy an'izao tontolo izao izy ireo. Izany fotsiny dia . . .

77 Saingy, hitanareo, rehefa mangataka an'ireo zavatra ireo izy ireo, ka mitaky an'izany, dia tsy mangataka araka ny nolazain'i

Jesosy. Miezaka isika manao an'Andriamanitra hitovy amin'ny—hitovy amin'ny zazalahy faniraka iray, "Tompo, Ataovinao ho ahy *ity*! Ary Ataovinao ho ahy *ity*! Ary mandehana Ianao manao an'*itsy*," miteny Aminy an'izay tokony hatao.

78 Hoy Jesosy hoe, "Raha mivavaka ianareo, dia mivavaha toy izao, 'Ry Rainay Izay Any An-danitra, hohamasinina anie Ny Anaranao. Ho tonga anie Ny Fanjakanao. Hatao anie ny Sitraponao.'" Iza, tadiavo hoe aiza no hanaovantsika an'izany? Andriamanitra foana no tiantsika hanao raharaha ho antsika, na hanao zavatra ho antsika. Fa rehefa vonona isika ny hanao hoe, "Hatao anie ny Sitraponao," dia mametraka ny tenantsika Aminy, mametraka ny làlantsika Aminy. Izay rehetra maha-izy antsika, dia apetraka Aminy izany. Amin'izay fotoana izay vao hihetsika Andriamanitra, rehefa vonona ny hamela Azy hiasa eo aminareo ianareo, fa tsy ianareo no hiasa eo Aminy.

79 Avelao Izy no hiteny aminareo, fa tsy ianareo no hiteny Aminy ka hamadika an'izany. "Tongava eto amin'ny rafitray, O Tompo Andriamanitra, ataovy Metodista izahay rehetra, Pentekotista izahay rehetra, hanapaka eo amin'ny sisa amin'izy ireo. Mila tapi-pahaizana iray izahay, izahay vahoaka Pentekotista, izahay Metodista sy Batista." Manana seminera isika, manorina an'ireo goavana be, manao hoe, "Ny—antomotra ny andro farany, ny Fihavian'ny Tompo," manorina seminera an-tapitrisany dolara, sy ny sisa. Miezaka manao inona? Mitady mesia iray ho antsika. Marina izany.

80 Avelao ny Tompo hanangana zavatra iray any ho any, ny anaram-piangonana tsirairay dia manana ho azy ireo ny iray amin'ilay karazany iray ihany. Marina tokoa izany. Jereo. Diniho rehefa tonga ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, firy ireo mpanasitrana avy amin'Andriamanitra? Tsy maintsy ho mpanasitrana iray avy amin'Andriamanitra ny tsirairay avy.

81 Nisy Mosesy iray tamin'ny andron'io fivoahana io. Nisy Elia iray, Elisa iray, Isaia iray, sy ny sisa.

82 Hitantsika ankehitriny fa mila ny mesiany manokana izao tontolo izao. Mila ny azy i Rosia, ary mila ny azy i Etazonia, mila ny azy ny tontolon'ny fiangonana. Mila ny mesiany manokana ny tsirairay avy, saingy mila an'izany amin'ny fomba izay—izay ahafahan'izy ireo mifehy an'izany izy ireo. Te-hanana fifehezana an'io mesia io izy ireo. Oh, azo antoka. Hia, izy ireo, raha afaka hanana izy ireo. Raha nalefan'Andriamanitra araka ny tsiron'izy ireo manokana izany, dia azo antoka fa hanaiky an'izany izy ireo. Saingy hitanareo, arak'izany, fantatr'Andriamanitra izay ilain'izy ireo. Izy, tsy nampanantena handefa ho antsika an'ireo tiantsika sy izay angatahantsika Izy, fa ireo ilaintsika.

83 Nila jeneraly iray izy ireo; nahazo Zazakely iray izy ireo. Hitanareo, izany no nilainy. Nila zazakely iray izy ireo (inona?) mba hanalana baraka azy, hampietry azy ireo.

84 Izany no ilain'ny milaza ny tenany ho fiangonana amin'izao andro izao, manetry ny tena indray. Tonga eo amin'ny toerana iray, tsy misy fiaikena ary tsy misy fitiavana eo anivon'ny olona. Toy ny hoe eo am-pahafatesana isan'andro izany. Mihamangatsiaka ny fiangonana. Hatraiza hatraiza, dia hitanareo fa tapitra ny fifohazana, ary mahita fangatsiahana ianareo. Mila fanalam-baraka iray isika. Ary isika . . .

85 Nangataka jeneraly iray izy ireo; ary nahazo Zanak'ondry iray. Nahoana? Izany no, fantatr'Andriamanitra izay nilain'izy ireo. Izany no nilain'izy ireo. Nila Mpamonjy iray izy ireo. Nihevitra izy ireo fa voavonjy, saingy fantatr'Andriamanitra fa tsy voavonjy izy ireo.

86 Ary izany no ilain'izao tontolo izao amin'izao andro izao, indray, dia Mpamonjy iray, Mpamonjy iray amin'izany toerana izany, zavatra izay afaka mihazona azy miaraka. Tsy fitondrana nianatra iray, karazana rafitra mekanika, na karazana rafitra ara-pampianarana iray. Ny ilaintsika dia ny Herin'i Jesosy Kristy Tompo, sy ny fahasoavana mamonjy, miverina ao amin'ny fiangonana indray, rehefa ny lehilahy, vehivavy, zazalahy, ary zazavavy, no afaka ny ho voavonjy.

87 Efa niandry ela loatra ve isika? Maro ve any ivelany no tsy hiditra mihitsy? Efa navotana ve ilay anarana farany? Izany ve ilay olana amin'izao andro izao? Mety ho izany, fantatrareo. Fantatrareo, izany—mety ho mora izany, ary tsy mampiato ny Soratra, mihitsy. Mety ho izany. Noho izany, tsy mahafantatra isika ankehitriny, aoka isika hitandrina tsara.

88 Fa nihevitra izy ireo hoe voavonjy, ary—ary, saingy Andriamanitra dia nahafantatra tsaratsara kokoa noho izy ireo. Ary ilay zavatra iray ihany no mitranga amin'izao andro izao.

89 Nalain'izy ireo ny Teny izay nomen'Andriamanitra azy ireo ho an'io andro io, izay tokony ho nahafantaran'izy ireo ny andro izay Hahatongavany, ary efa nanao fombafomba iray avy amin'Izany. Hoy Jesosy hoe, "Nalainareo ny Tenin'Andriamanitra ka nataonareo tsy nisy fiantraikany Izany, tamin'ny alàlan'ny fombafombanareo."

90 Izany ilay zavatra iray ihany izay mitranga amin'izao andro izao ao amin'ny tontolon'ny rafitsika, rafitra ara-pivavahana. Ny rafitr'izao tontolo izao no naka ny Tenin'Andriamanitra ary nanao an'Izany ho ara-pombafomba. Ary izany no antony tsy Ananany fiantraikany ao Anatiny. Tsy misy na inona na inona hivoaka avy amin'Izany, satria efa nifangaro Izany.

91 Tsy afaka hametraka katsaka tena izy ianareo ao anatin'ny zavatra iray izay tsy, afa-tsy tany, ary tsy haniry izy. Afaka mametraka azy ao amin'ny masoandro ianareo ary mihazona azy hafana, afaka manao an'izay tianareo atao ianareo, fa mila karazana tany anankiray izany. Tsy maintsy ao anatiny ao

izy. Tsy maintsy alevina izy. Tsy maintsy ho eo ambanin'ny atmosfera tsara izy, mba hanao azy hamokatra.

92 Ary toy izany koa ny Tenin'Andriamanitra! Tsy afaka maka fiangonana iray ianareo ka hitondra azy ao amin'ny fiainana, amin'ny fombafomba iray. Mety hitondra mambra ianareo, an-tapitrisany, fa tsy hampidina ny Herin'Andriamanitra mihitsy ianareo mandra-piverintsika amin'ny Teny tany amboalohany indray, miverina amin'ny Teny fototra, miverina amin'ny Rà, miverina amin'ilay—ilay Jesosy Kristy, miverina amin'ny fivoriam-bavaka amin'ny fanao fahiny, ary miverina amin'Andriamanitra! Mety efa lasa lavitra isika, ankehitriny, ka lasa lavitra ny ora. Saingy, na ahoana na ahoana, dia tsy maintsy toriana ny Filazantsara. Tsy tokony hitsara an'izany isika.

93 Fantatr'Andriamanitra izay nilain'izy ireo, noho izany dia Nomeny azy ireo izay nilainy. Noho izany indray, dia hitantsika, izay nananan'izy ireo, dia nanao an'ilay zavatra iray ihany isika.

94 Rosia sy ny sisa rehetra amin'izy ireo dia nila ny azy. Ary ireo siantifika samihafa dia te-hanao ny tenany ho anarana malaza iray. Ny firenena tsirairay dia te-hahazo ny olony manana atidoha. Mila ny antsika isika. Mila ny rafitra ara-pampianarana ao anatin'izany isika. Mila anaram-piangonana iray isika. Izany marina tokoa no azontsika. Izany no nataonareo. Izany no nilainareo, izany no nomen'Andriamanitra anareo. Ankehitriny dia inona no hataonareo amin'izany aorian'ny nahazoanareo azy?

95 Miresaka mikasika an'i Rosia isika mandritra ny iray minitra hafa. Mitady lehilahy iray izay afaka mandresy ny habakabaka ireo Rosiana. Manofana azy ireo haingana arak'izay vitany izy ireo, ireo siantifikany. Ahoana moa raha mahazo anankiray izy ireo, ahoana moa raha mahazo ny mesiany izy ireo, inona no hataontsika? Ary ho amintsika anie ny famindrampo raha azon'izy ireo izany! Tsarovy, fa vao avy nahazo mesia iray tahaka an'izany i Alemaina vao tsy ela, tsy tena ela akory izay, Hitler iray. Ary fantatsika izay nataon'izany tamin'izy ireo.

96 Ankehitriny dia ahoana ny amin'ny fiangonana, karazana mesia inona no andrasan'ny fiangonana, amin'izao andro izao? Ianareo, ilay fiangonana, no niantsoantso mafy indrindra. Noho izany, inona no ivazavazantsika mikasika ny mesia iray, inona no ivazavazantsika? "Fifohazana amin'ny androntsika! Avereno *ity, itsy,* ary ny iray *hafa.*" Inona no andrasan'izy ireo, hanaovana an'izany? Inona koa no mbola ilainareo? Inona no ilain'ny fiangonana, na ahoana na ahoana?

97 Efa azontsika Izany! Nomen'Andriamanitra antsika Izany. Izany no Fampanantenany ho an'ity ora ity. Mijery ao amin'ny Baiboly isika, mahita an'izany isika hatraiza hatraiza manerana ny Baiboly. Tonga ireo voahosotra ary nanao an'ity Teny ity ho

velona indray, amin'ilay ora ho an'izany ora izany mihitsy. Ary nahazo ny Mesia isika. Ity Izy, ny Teny! "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra." Ary ny Teny dia mijanona ho Andriamanitra, Hebreo 13:8, "Ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Fantatsika izay natao hiseho amin'ity andro ity. Mila Mesia iray isika. Ary nomen'Andriamanitra antsika ny Mesia, Ny Teniny nampanantenaina ho an'ity andro ity. Miandry olona iray miaraka amin'ny finoana fotsiny Izy, hanosotra Azy sy hanao Azy ho velona indray. Eny, tompoko. Izany no tena Mesia iray, Izany dia ny Tenin'Andriamanitra. Satria, hoy Jesosy hoe, "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho levona mihitsy."

98 Fa ny fiangonana dia mipetraka maty ara-panahy, vita, efa nihoatra azy ireo ny ora. Ao anatin'ny fitontonganana izy ireo, ary zara raha mahafantatra an'izay hatao, ny iray mihazakazaka amin'*ity* làlana ity ary ny iray amin'*itsy* làlana itsy. Ary eto ny teny fikasana tsirairay izay nataon'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly, ny tsirairay avy amin'izy ireo, dia mipetraka tsara eo mihitsy tahaka azy ireo hatramin'izay. Izao no ora! Inona no manao ny fiangonana ho tahaka an'izao? Ao amin'ny taonan'i Laodikia isika, izay tsy maintsy ahatongavany tahaka an'izao. Izao no ora ho an'izany.

99 Fa tsarovy, tao amin'izany no nisy ny ora izay nahatongavan'ilay virijiny natory hividy Solika, ary izany ilay ora iray ihany izay nahatongavan'ny Mpampakatra. Hitantsika amin'izao andro izao, ireo Episkopaliana, Presbyterana, ary ireo anaram-piangonana samihafa, fa, taona vitsy lasa izay, tsy afaka nanakarama ianareo mba hahazo andiana mpino Pentekotista. Tsia tokoa. Fa eo izy ireo, amin'izao andro izao, tonga. Tsy fantatrareo ve izay nolazain'i Jesosy? Tonga izy ireo mba hividy Solika, ka nanao hoe, "Omeo sasany amin'ny Solikareo izahay." Ireo izay nanana Solika, dia nanao hoe, "Tsy tahaka an'izany. Mandehana mividy an'Izany, fandrao. . . avy amin'ireo izay mivarotra an'Izany." Ary raha mbola niezaka ny hividy an'Izany izy ireo, raha mbola niezaka hahazo an'Izany izy ireo! Fantatrareo ve hoe ora inona no iainantsika, ry vahoaka Pentekotista? Rehefa tonga izy ireo, mety ho nanana fifanjevoana izy ireo, mety ho nanao an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa* izy ireo; saingy, araka ny Soratra, dia tsy nahazo an'Izany izy ireo. Raha mbola niezaka nanao an'izany izy ireo, mety ho nandalo an'ireo fientanam-po rehetra izy ireo, ary avy eo amin'ireo isma sy ireo fahatsapana rehetra, saingy ny devoly dia afaka maka tahaka an'ireo zavatra rehetra ireo. Raha mbola nividy an'Izany izy ireo, na niezaka hahazo an'Izany, dia tonga ny Mpampakatra, ary ireo izay nanana Solika no niditra.

100 Ary io ilay ora izay iainantsika. Tsy mbola nahita an'izany isika tany aloha. Jesosy nilaza fa ho tahaka an'izany ilay izy, noho izany dia ho tahaka an'izany ilay izy! Inona no

hitantsika? Mahita ny Teny isika, izay nilazan'Andriamanitra fa izay hitranga amin'izao andro izao, dia mitranga eo ambanin'ny tavantsika mihitsy. "Oh, noho izany dia mifohaza, ry olomasin'ny Tompo, nahoana no rendrehana nefa akaiky ny farany; ndao isika ho vonona ho an'io antso farany io," satria tsy fantatsika hoe rahoviana no hisy izany. Eny.

101 Ny rafitry ny tontolontsika, ny rafi-piangonantsika, ny rafitra ara-anaram-piangonantsika, ny rafitsika rehetra, dia voaloto sy lò. Ny tsy ampy amintsika amin'izao andro izao dia izay nananan'izy ireo omaly. Marina izany. Toy ny hoe mihamaina ilay izy, ireo fiangonana, zara raha mahita fiangonana iray intsony izay velona miaraka amin'ny Teny sy amin'ny Fanahin'Andriamanitra, ary miseho ireo zavatra lehibe tahaka ny nisy vao tsy ela akory izay.

102 Ankehitriny, hitantsika fa fantatr'Andriamanitra izay nilain'izy ireo, noho izany Izy—mamaly teny fikasana iray foana Izy. Ity Teny lehibe izay hitantsika ity fotsiny izany, teny fikasana iray, tokony ho nahafantatra izy ireo fa izany marina tokoa no nampanantenain'Andriamanitra, izay hiseho amin'io andro io.

Hoy ianareo hoe, "Ahoana, inona no tokony hiseho?"

103 Isaia 9:6, hoy ilay mpaminany hoe, "Zaza no teraka ho antsika, ilay Zanakalahy, Zaza iray; Zazalahy iray no teraka, Zaza iray no nomena: ary Ny Anarany dia hantsoina hoe 'Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra Mahery, Ray Mandrakizay'; ary ny fanapahana dia eo antSorony, ary Ny Fanjakany tsy hanam-pahataperana."

104 Fantatsika fa tokony hanana Zaza iray teraka isika tamin'izany andro izany, tokony hanan-anaka ny virijiny iray ka hiteraka Zaza iray. Ary tsy tonga tamin'ny alàlan'ny iray tamin'ireo rafitr'izy ireo Izany, noho izany dia tsy te-hanao na inona na inona tamin'Izany izy ireo. Nolavin'izy ireo Izany. Saingy ny Teny voahosotra, Andriamanitra (Imanoela) dia tonga nofo teo anivon'izy ireo, nitsangana teo, hoy Izy hoe, "Iza aminareo no afaka miampanga Ahy amin'ny fahotana, tsi-finoana? Zahao ny Soratra, fa ao aminy no heverinareo fa anananareo Fiainana Mandrakizay, ary izy ireo no hany manambara Ahy." Voatondro tsara mihitsy Izy hoe Izy no Mesia, ilay Mesia hiseho amin'io andro io. Ary ireo rafitra dia—dia nanakorontana ny sain'ny olona, tamin'ny fitsipika ara-drafitra maro be, sy ny sisa, hany ka nanao ny Tenin'Andriamanitra ho tsy nisy fiantraikany izy ireo. Tsy afaka nahita izy ireo hoe Izy no Mesia.

105 Ary tahaka ny nataony tamin'izany, dia toy izany koa no nataony indray. Marina. Ireo rafitra an'izao tontolo izao, ireo mekanika, dia manana an'ireo pistons eo amin'izay misy ny—izay tokony hisy ny fantson'ny setroka, amin'ireo mekanikany

goavana. Ary noho izany dia ahoana no ahafahan'izany handeha? Tsy afaka manao an'izany izy. Tsy namboarina tahaka an'izany.

106 Tsy afaka mandeha ny Fiangonana raha tsy misy ny Herin'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Teny. Ary ny Fanahy Masina ihany no hanamarina ny Tenin'Andriamanitra, satria izany no tokony Ataony. Ny hosotra dia ny hanamarinana ny Teny.

107 Ary Jesosy no ilay Anankiray Voahosotra, ny Teny tonga nofo. Izany no antony Nidirany tao anaty rano teo, Izy no Teny tonga teo amin'ilay mpaminany. Nataon'ny mpaminany batisa Izy. Ary nitsangana ilay mpaminany avy eo, ka nanao hoe, "Izaho tsy maintsy mihena; Izy hitombo." Hitantsika fa izany no fomban'Andriamanitra hanaovana an'izany.

108 Fa nandray an'Izany ve izy ireo? Tokony ho nahafantatra an'Izany izy ireo. Tokony ho nandinika an'ireo hetsik'Andriamanitra izy ireo. Hitan'izy ireo ny Teny tanteraka. Fantatr'izy ireo fa ny Soratra no nilaza an'izany, nefa tsy afaka nino izy ireo fa ho tahaka an'izany no Hahatongavany. Izany dia tsy maintsy tonga na tamin'ireo Fariseo na tamin'ireo Sadoseo. Raha tonga tamin'ireo Fariseo izany, dia tsy ho nandray an'Izany ireo Sadoseo. Ny mifamadika, ireo—ireo Sadoseo dia tsy ho nandray an'Izany, satria nilaza izy ireo fa ireo Fariseo no hanana an'Izany.

109 Ary tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao, ireo rafitsika, ary lò sy voaloto ilay zavatra manontolo. Oh, oadray! Ny ora izay iainantsika ankehitriny, izao tontolo izao jamba, mandeha ao amin'ny aizina, milentika ao amin'ny rafitr'ity izao tontolo izao ity, tahaka ny ondry tsy misy mpiandry. Nefa izy ireo nanana ny Tenin'Andriamanitra velona voamarina teo anatrehan'izy ireo, fa nandeha an-jambany avy hatrany, ary nandao an'Izany, ahoana no ahafahanareo manantena zavatra hafa? Amena. Eo isika izao.

110 Noho izany, dia mirodana izao tontolo izao. Nahoana? Ilay tena Teny izay namatotra azy miaraka mihitsy no nolavina. Hitantsika izany ao amin'ny Hebreo, toko faha-11.

111 Nilaza i Einstein. Nihaino ny lahateniny aho, teto indray hariva, New York City, izay nanaovany ny iray amin'ireo lahateniny farany. Niresaka mikasika ny antokon-kintana iray izy, andian-kintana kely iray, izay ilay izy, tao amin'ilay antokon-kintana. Hoy izy hoe, "Raha nisy olona nanomboka namakivaky ny habakabaka, nandeha tamin'ny hafainganam-pandehan'ny hazavana. . . " Inona ilay, valo arivo. . . [Hoy ny olona iray hoe, "Enina arivo amby valo alina amby iray hetsy."—Mpand.] Enina arivo amby valo alina amby iray hetsy maily isan-tsegondra. "Izany dia hila ho azy zato, hila dimampolo amby zato tapitrisa taona hazavana mba

hahatongavany any." Nahita ny Mandrakizay izy. Avy eo dia hoy izy hoe, "Mba hiverenana, dia mila dimampolo amby zato tapitrisa taona iray hafa izy, izay ho telonjato tapitrisa taona. Ary ny habakabaka, izay nandehanany avy tamin'ny tany, dia ho dimampolo taona fotsiny." Eo ianareo izao, miditra ao amin'ny Mandrakizay! Oh, oadray! Ny fahalehibiazan'Andriamanitra, rehefa nanao ny rafitry ny masoandro manontolo Izy!

112 Ary ity mpanamory sambon-danitra ity, indray andro, nanidina teo ambonin'i Rosia tany, dia nilaza fa izy "dia tsy nahita Andriamanitra, Anjely." Mety ho tsy mahay toy ny ahoana ny olona! Rehefa . . .

113 Andriamanitra! Ary ny rafitry ny masoandro manontolo, dia Notsofiny avy teo amin'ny Tànany izany; ary mipetraka an-tapitrisa taona maro Izy, taona hazavana, any ankoatran'izany. Ary ny zavatra manontolo dia hazonin'Ny Heriny sy Ny Teniny. Haleloia! Ny kintana tsirairay dia tsy maintsy mihantona eo amin'ny toerany. Eny, tompoko! Avy eo, dia nanetry tena betsaka mba hidina ary natao ho isantsika, ho faty ho antsika; tsy manana fialan-tsiny isika. Raha ny anankiray amin'ireo kintana ireo no sendra miala eo amin'ny fihantonany, eo amin'ny làlany izay misy azy, raha hifindra izany, dia hisy fiantraikany amin'ilay rafitra manontolo izany. Tsy maintsy mihodina mitovy marina tokoa ilay rafitra manontolo, satria ny anankiray dia miankina amin'ilay hafa.

114 Ary ny rafitr'Andriamanitra, rehefa ao amin'ny firindrana tanteraka miaraka Aminy izany, dia miasa tanteraka ilay zavatra manontolo. Marina izany, satria tsy maintsy izany ilay izy.

115 Fa tsy naka ny rafitr'Andriamanitra mihitsy ny fiangonana, nanao rafitra iray ho azy manokana izy. Izany no antony mahatonga antsika rehetra any ivelan'ny firindrana. Izany no antony mahatonga ny fiangonana tena mikorontana. Izany no antony mahatonga an'izao tontolo izao hirodana amin'izao andro izao, satria efa nanaiky ny rafitsika manokana isika. Izany no mahatonga ny tontolo politika mirodana. Izany no nahatonga ny tontolo ara-pivavahana mirodana, dia satria nanaiky rafitra iray isika raha tokony handray ny planin'Andriamanitra Mandrakizay ho an'ireo taona. Amena. Izany ilay olana amin'izao tontolo izao. Izany marina tokoa no tsy mety, dia satria nanaiky zavatra hafa izy ireo. Izany no nanao ny olona ho tena hoe, "Presbyterana aho. Metodista aho. An'ny Tokana aho. An'ny Telo aho. Izaho dia . . . " Oh, mamindrà fo! Tsy mahagaga raha tsy afaka miara-mihazona isika, tsy misy na inona na inona hihazona antsika miaraka.

116 Atoa. Nixon dia nanao ny fanamarihana mamiratra indrindra izay reko nataon'ny filoha na filoha lefitra iray tao anatin'ny taona vitsy farany, rehefa nilaza izy indray andro hoe, "Inona no olana amin'ny vahoaka Amerikana, verin'izy ireo

ny fitiavana sy ny fifanajana.” Amin’ny maha olom-pirenena Amerikana dia mifampitifitra, eny an-dàlambe, ahoana no ahafahantsika? Oadray!

117 Raha tsy afaka ny hifanaraka amin’ny lehilahy iray ianareo, ka tia azy amin’ilay fotoana iray ihany, amin’izay fotoana izay dia manginà. Raha tsy afaka miteny aminy ianareo, tahaka ny dada iray manitsy ny zanany, miaraka amin’ny sandry vonona hipetraka manodidina ny tendany ka hamihina azy avy eo, dia tsaratsara kokoa aminareo ny mamela an’izany hipetraka tsara. Mbola tsy lasa lavitra loatra ianareo, ny tenanareo, mba hahafantatra an’izay resahanareo. Marina. Afaka tsy mifanaraka amin’ny olona iray aho, izany tokoa; mbola rahalahiko foana izy, hihazona ny tànany aho. Tsy afaka hamela azy hilamindamina amin’izany aho; raha manao aho, raha tsy niteny taminy aho, dia tsy ho rahalahy marina aminy. Marina izany. Saingy afaka miteny aminy aho, ary miteny aminy fa tiako izy, ary manaporofo an’izany aminy, tiako izy.

118 Tsy mila mitifitra azy ianareo, eny an-dàlambe. Tsy mifanaraka amin’i Atoa. Kennedy sy—sy ny politikany, ary ny fivavahany, sy ny sisa aho, saingy tsy mendrika an’izany izy. Tsia, tompoko. Tsia, tokoa. Tsy misy olona mendrika an’izany.

119 Noho izany, hitantsika fa lò izao tontolo rehetra izao. Ny firenentsika, ireo politika, ireo rafitra ara-pivavahana, sy ny zavatra rehetra, lò izany.

120 Miandry fotsiny izany. Ny Tenin’Andriamanitra, izay naminaniana ho an’izao andro izao, dia miandry olona iray ho tonga ka hanamarina an’Izany. Manontany aho raha efa Nataony izany? Amin’izay fotoana izay dia aiza àry no misy antsika raha efa Nataony izany? Raha efa Nataony izany, amin’izay fotoana izay dia aiza no misy antsika? Mahantra indrindra!

121 Nilaza zavatra mafy iray momba an-dRtoa. Kennedy aho, imbetsaka, mikasika ny fametrahany an’ireo lamaody ho an’izao tontolo izao, miaraka amin’ireo hety volo leman-drano ireo, ary, “Ahoana fa ireo anabavintsika sy izy ireo dia manapaka ny volony, ary miakanjo tahaka an-dRtoa. Kennedy,” hoy aho hoe, “tahaka an’i Jezebela fahiny.” Marina izany. Mino an’izany aho. Izaho—izaho—malahelo an’ilay reny kely any aho izao hariva izao, miaraka amin’ireo zanany, marina tokoa.

122 Fa mamelà ahy hanontany zavatra iray aminareo. Raha nandre an’ireo Hafatra izay ren’ny sasany aminareo Pentekotista i Jacqueline Kennedy, mikasika ny fanapahana ny volonareo sy ny sisa, dia mety tsy nanana volo tapaka akory aza izy. Natao ho pentekotista ianareo, nefa mbola manao an’ilay izy foana! Ah-hah. Ah-hah. Mety tsy ho nanao an’izany izy raha nanana an’ilay fanararaotra sy nandre ny Hafatra, hitanareo, izay renareo. Eo ianareo izao. Ao amin’ny toerana ratsy isika,

ry havana. Marina tokoa izany. Eny, tokoa. O Andriamanitra, ahoana ireo fitondran-tena, ny zavatra . . .

123 Ny maha-vehivavy no iray amin'ilay zavatra izay mihazona ny firenentsika miaraka. Izany no taolan-damosina. Ary ny maha-vehivavy, ilay hatsaran-toetra mahafinaritra izay omen'Andriamanitra ho an'ny vehivavy iray mba ho reny, nahoana, izany dia—izany dia—lasa izany. Efa ela no nananan'ireo—nananan'ireo—ireo—ireo vehivavin'ity izao tontolo izao ity, ny hatsaran-toetran'izy ireo, niankohoka tamin'ny andriamanibavin'ny lamaodin'i Hollywood; manao modely ho an'ny tenany, sy mampitafy ny tenany, ary mihetsika tahaka ny ataon'ny sasany amin'ireo olo-malazan'i Hollywood ireo. Ary matetika mihitsy aza ny fitafy tsy masina, ny firaisana ara-nofo, dia heverina ho lamaody ao amin'ireo fiangonana. Ary ireo pasitera ao ambadiky ny polipitra, tsy manana ny—tsy manana fahasahiana, tsy manana ny—ny herin'ny Fanahy Masina; tahaka ny Lota iray mipetraka eo, mampahory ny fanahiny, ary liana loatra amin'ny tapakilan-tsakafo iray mba hiteny amin'ny olona fa tsy mety izany. Hia.

124 Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia fanongotana iray. Mety tara loatra ny anongotantsika ankehitriny. Mety ho efa lasa ny ora. Tsy manana fifohazana iray hafa mihitsy isika. Fantatro fa miandry an'izany ianareo, saingy tsy mahita an'izany aho ao amin'ny Soratra.

125 Miandry Fampakarana iray aho, ho an'ny olona eran'ny tànana fotsiny. Marina izany, olona eran'ny tànana fotsiny. Tsy ho hita mihitsy izy ireo eto amin'izao tontolo izao. Rehefa mandeha izy ireo, dia tsy ho fantatrareo mihitsy fa efa vita izany. Marina izany. Ho tonga tahaka ny mpangalatra amin'ny alina izany.

126 Ary raha tsy Afoheziny ilay asa, nohon'ny amin'ny Voafidy! Misy sasany voafidy ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, fantatsika izany; izany izy rehetra, izay manana Fiainana Mandrakizay. Ary raha izy ireo—ary raha izy ireo . . . na raha tsy Afoheziny àry izany, nohon'ny amin'izy ireo, dia tsy hisy nofo hovonjena. Nihaona tamin'ny fiafarany izao tontolo izao, isaky ny roa arivo taona. Fantatsika fa nirodana ilay rafitra. Nirodana izany tamin'ny andron'i Noa. Tamin'ny andron'i Kristy, dia nirodana izany. Ary indro tonga ny 1964, firy sisa tavela? Enina amby telopolo taona mandra-pahatongan'ny roa arivo iray hafa; ho avy ny fahiraika amby roapolo, taon-jato fahiraika amby roapolo. Inona no mitranga? Mbola tsy maintsy hafohezina ilay asa. Nilaza Jesosy, ny—ny fahalòvan'izao andro izao hoe, "Ny voafidy dia hofitahina ary tsy ho voavonjy, raha azo natao." Eo isika izao. Ary ny alimanaka dia miteny amintsika, araka ny siansa, fa eo amin'ny dimy ambin'ny folo taona amin'izany isika. Tratra aoriana isika eo amin'ny alimanaka Romana, araka

ny alimanaka Jiosy, hoe isika dia dimy ambin'ny folo, roapolo taona aorian'izany.

127 Noho izany dia aiza no misy antsika? Hitantsika fa rava ireo firenena, ary mifoha ny Isiraely, ireo famantarana izay notenenin'ity Baiboly ity mialoha ho an'izao andro izao. Hitantsika fa miseho ireo zavatra ara-mekanika. Ankehitriny ny Fanahy, ireo dynamikan'ity Teny nampanantenaina ity, mba hiditra ao amin'Ny Fiangonany ka hitondra azy ireo ho any Kalvary any, ary ho any amin'ny Fampakarana! Ary eo isika izao.

128 Tsy mahagaga raha mirodana isika, tsy misy na inona na inona. . . Ilay tena Zavatra izay namorona ny tany mihitsy, ilay tena Zavatra mihitsy no napetraka teto mba hiodinan'ny tany, ilay tena Zavatra izay tokony hihodinan'ireo rafitra sy ny zavatra hafa rehetra mihitsy, ity Teny ity izay, tamin'ny alàlan'Andriamanitra, nandrafitra an'izao tontolo izao. Hoy i Einstein tao amin'ny azy, nanao hoe, "Anankiray ihany no manazava ny Soratra. . . Anankiray ihany no manazava ny fisian'ity izao tontolo izao ity," hoy izy, "izany dia ny Hebreo 11, 'Amin'ny finoana no ahazoantsika ny Tenin'ny. . . amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra, fa ny Tenin'Andriamanitra no nanaovana an'izao tontolo izao miaraka.'" Izay ihany. Tsy misy afaka miteny hoe ahoana ny ihantonany eny amin'ny habakabaka eny, ary ahoana no ahafahany mihodina sy manao ny efatra amby roapolo orany manodidina ny ekoatera, sy ny sisa tahaka an'izany, ary manodidina ny làlany, hatraiza hatraiza, ary miverina eo amin'ilay toerana iray ihany ary tsy diso segondra iray mihitsy. Ary ny kintana tsirairay dia mihodina amin'ny fihodinany tahaka an'izany, ary mifanampy rehefa mandeha mihodina izy ireo.

129 Ahoana no iambenan'io volana eo io an'io ranomasina io! Raha hany niala tamin'ny toerany io volana io, ho saron'ny rano zato dian-tongotra isika, ao anatin'ny iray segondra monja, na roa. Io volana io! Diniho, afaka mihady lavaka iray mihitsy aza ianareo eto, ianareo olona mihady solika, mihadia eto. Jereo hoe lavitra toy ny ahoana ny morontsiraka avy eo aminareo? Mihadia lavaka iray amin'ny tany ianareo eto, ary diniho amin'ny andro hariva, ahoana no ahatongavan'ilay samonta, hampiakatra ny rano ao amin'ny fantsonareo izany, ny ranon-tsiranareo. Izany tokoa. Inona izany? Io volana io no mifehy azy, any.

130 Rafitr'Andriamanitra izany. Planin'Andriamanitra izany. Didin'Andriamanitra izany. Fa, isika dia manao ny antsika manokana, tsy handray ny Azy isika. Ndao isika handeha haingana ankehitriny, mba hamaranana. Tahaka ny tamin'izany, dia toy izany koa ity Krismasy ity, tena mahita ny tontolontsika mirodana isika. Oh!

131 Andriamanitra no nanosotra, ary nampanantena Ny Teniny Izy. Nanosotra antsika Izy tany aoriana tany, ary

niteny tamintsika Izy, niteny tamin'izy ireo hoe, "Rehefa nanosotra an'i Jesosy Kristy Izy . . . " Nilaza i Petera tamin'ny Andron'ny Pentekosta, hoy izy hoe, "Jesosy Kristy, Lehilahy iray nasehon'Andriamanitra teo anivonareo tamin'ny famantarana sy fahagagana, izay Nataony teo afovoanareo; araka ny fantatrareo ihany." Vavolombelona izy ireo. Hoy koa izy, "Taorian'ny fitsanganana, sy ny sisa, ahoana no Nataony! Ahoana fa tamin'ny tànana ratsy fanahy no nitondranareo ny Andrian'ny Fiainana ka nohomboanareo, Izay natsangan'Andriamanitra; ary vavolombelona izahay." Ahoana no nahatongavan'i Nikodemosy ka nanao hoe, "Raby, fantatray. Izahay Fariseo, ny Fitsaran'ny Synedriona any, fantatray fa Mpampianatra nirahina avy tamin'Andriamanitra Ianao. Tsy misy olona afaka manao an'ireo zavatra izay Ataonao raha tsy avy amin'Andriamanitra izany." Fantatr'izy ireo fa ho an'io ilay teny fikasana, ary fantatr'izy ireo fa izany ilay izy, saingy ny rafitr'izy ireo no nanao azy ireo ho tena voafatotra ka tsy afaka nanao na inona na inona mikasika an'izany izy ireo.

132 Toy izany koa ilay izy amin'izao andro izao, ilay tena zavatra iray ihany. Tsy afaka manao an'izany ianareo, hamoy ny kara-piombonananareo ianareo amin'ny fotoana voalohany anaovanareo an'izany. Mariho indray mandeha fotsiny eo amin'io Tenin'Andriamanitra io, dia jereo izay mitranga; vita ny aminareo. Tsy halaza ianareo. Ho voaroaka hiala eo anivon'izy ireo ianareo, sy ny zavatra hafa rehetra.

133 Oh, raha manana asam-panompoana kely iray ianareo, dia hihazona anareo izy ireo nohon'ny vola izay azon'izy ireo, itarihana vahoaka betsaka avy amin'ny asa fanompoanareo, misintona vola sy sisa. Fa diniho fotsiny rehefa tonga eo amin'ny Teny ilay izy, diniho izy ireo hoe ahoana no ihatahan'izy ireo amin'Izany. Mihevitra ve ianareo fa tsy mahafantatra an'izany ny mpanompon'Andriamanitra iray? Eny, fantatr'i Jesosy mihitsy aza fa teo Anivony i Jodasy. Nahoana i Jesosy no tsy nilaza zavatra tamin'i Jodasy? Ilay antony iray ihany izany amin'izao andro izao, tsy maintsy miandry ianareo mandra-pahatongan'io ora io ho an'io famitahana io. Marina izany. Nahazo an'izany izy ireo. Hahazo an'izany izy ireo.

134 Mariho, fa tsy tian'izy ireo ny fomba izay Nahatongavany, toy izany koa ilay izy amin'izao andro izao. Nila ny rafiny ho voahosotra ireo fiangonana tamin'izany. Nila ny rafitra Fariseoika ho voahosotra ireo Fariseo, nila ny rafitra Sadoseo ny Sadoseo, toy izany koa ireo Herodiana, sy ny sisa. Tahaka an'izany amin'izao andro izao. Raha izy ireo no . . . Raha handefa hosotra iray Andriamanitra, ka hanosotra ny an'ny Tokana, oh, oadray, tsy hiteny mikasika an'izany amin'ny an'ny Roa ve izy ireo, na an'ny Telo, na inona na inona ilay izy? Tsy hiteny mikasika an'izany amin'ny an'ny Tokana ve ny Assemblées? "Efa niteny taminareo aho fa marina ny antsika!" Ny Metodista

hiteny amin'ny Batista hoe, "O ry tovolahy, hitanareo, azontsika izy!" Mila ny rafitrareo ho voahosotra ianareo.

135 Fa Andriamanitra dia nampanantena ny hanosotra Ny Teniny fotsiny ihany. Amena! Fantatro fa mahamay izany, saingy izany no Fahamarinana. Tsy miova mihitsy Andriamanitra. Manosotra Ny Teniny Izy. Eny, tompoko. Ny Teny voahosotra, nampanantenaina ho an'io taona io no hosoran'Andriamanitra. Ny Teny nampanantenaina ho an'io taona io!

136 Amin'izao andro izao dia mila rafitra ara-pampianarana iray izy ireo, (nahoana?) mba ahafahan'izy ireo manao ny zavatra rehetra izay tian'izy ireo hatao, nefa mbola mihazona ny filazany ho Kristiana foana. Oh, raha manana zavatra goavana be izy ireo, izay ahafahanareo miditra, mandeha midina eo amin'ny laharana, sy ny sisa, ary mitsako siligaoma, ary—ary mifamely eo amin'ny valahana; ary mivoaka ka manana efitrano fakandrivotra sy ny sisa, izay andehananareo rehetra ka milalao basketball sy ireo zavatra tahaka an'izany. Tsy manana na inona na inona manohitra ny basketball aho, baseball, baolina kitra, na inona na inona ilay izy, goavana iray . . . raha izay ihany ny andriamanitrareo, dia harona iray goavana misy rivotra izany. Fa mamelà ahy hiteny aminareo, ny ilaintsika amin'izao andro izao dia ny Tenin'Andriamanitra, voahosotra ho an'ity taona ity, izay hitondra ny Herin'ny Fanahy Masina indray. Eny, mety tsara izany, saingy tsy an'ny fiangonana izany. Tsia, tompoko. Tsy maintsy manorina zavatra tahaka an'izany, mba hihazonana ny fiangonana miaraka, tsaratsara kokoa aminareo ny mandoro an'izany na mandroaka an'izany, na manana zavatra ao anaty ao izay hamerina ny Teny indray. Ary izany ireo zavatr'izao tontolo izao, oh, mampifangaro azy amin'ny Tenin'Andriamanitra, tsy afaka manao an'izany ianareo. Tsia, tompoko.

137 Eny, tompoko, ankehitriny dia mila rafitra iray izy ireo. Handray rafitra iray izao tontolo izao. Ankehitriny dia hitantsika, ny rafitra kely tsirairay ao amin'ny azy manokana, ny tsirairay avy amin'izy ireo dia manao hoe, "Tiako ho tonga ao amiko Izany. Tiako ho tonga amin'ny ahy Izany." Oh, maka milina lehibe izy ireo, ary mampianatra mpitory teny, sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary mamoaka azy ireo, mahafoy azy ireo, zazalahy, miaraka amin'ny ara-tsaina; hany ka, oadray, raha misy olona iray mahatsapa fa ny teniny, ny gramerany, dia tena ratsy, dia tsy tiany akory aza ny mandeha eny amin'ny polipitra aorian'ny anankiray. Fa ny ilaintsika amin'izao andro izao dia tsy rafitra ara-pampianarana, tsy mpandaha-teny.

138 Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia ny Filazantsara entin'ny Herin'Andriamanitra, mba hanamarina ny Tenin'izao ora izao, hankany amin'izay hahatongavan'ny olona iray izay hitsangana ka hiantso ny mainty hoe "mainty," ary ny fotsy hoe "fotsy," olona iray izay hitsangana ka hiteny ny Fahamarinana,

na hamaofy Izany na hanendaka anareo, na izay Ataony. Izany marina tokoa no—no tadiavin'ilay ora, amin'izao andro izao.

139 Fa mila zavatra ny olona. Ny olona amin'izao andro izao, ireo vehivavy, inona no ilain'izy ireo? Izy ireo dia mila ny—ny—vahoaka iray, pasitera iray, izay hitsangana ka hanao hoe, "Mety tsara izany. Afaka manao an'*ity* ianareo, na manao an'*itsy*. Na, mety tsara izany, tsy misy na inona na inona ratsy amin'*ity*, ry malala." Mila karavasin'ny Filazantsara izany mpitory teny izany; mamela volo tapaka, manao loko.

Tsia, hoy ianareo hoe, "Inona no idiran'io amin'Izany?"

140 Tsy fantatrareo ve fa ny ivelanareo dia mampitaratra an'izay ao anatiny? Tsy milaza ve ny Baiboly fa tsy tokony hanao an'izany ianareo? "Tsy mety ho an'ny vehivavy iray akory aza ny mivavaka tahaka an'izany."

141 Ary ianareo lehilahy mila zavatra tahaka an'izany? Ry mpitory teny, tsy afaka milaza an'izany ianareo, satria hamoy ny kara-piombonanareo ianareo, handroaka anareo ny filan-kevitra goavana raha milaza zavatra mikasika an'izany ianareo. Andriamanitra anie hanampy lehilahy iray izay mihevitra bebe kokoa ny karatry ny filan-kevitra na kara-piombonana noho ny hiheverany ny batisan'ny Fanahy Masina, miaraka amin'ny Teny! Ahoana no ahafahan'ny Fanahy Masina, izay nanoratra ny Baiboly, handà an'izay Nosoratany?

142 "Eny, ireo andron'ny fahagagana, oh, tsy mila an'izany isika amin'izao andro izao. Ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ireo zavatra hafa ireo, izany, tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Izany no manao hatsarana, izany no, oh, fifandraisana ara-tsaina." Ianareo, mahantra, mitotongana, inona ny olana aminareo? Isika dia mila—mila ny Filazantsara, raha ao anatinareo ny Fanahy Masina!

143 Raha niteny taminareo aho hoe, "Ny ain'i Beethoven no tato amiko," dia afaka nanoratra mozika aho. Raha i Beethoven no velona tato anatiko, dia hiaina ny fiainan'i Beethoven aho. Raha i Shakespeare no tato anatiko, dia afaka nanoratra tononkalo aho. Afaka nanoratra tantara an-tsehatra aho, raha i Shakespeare no velona tato anatiko.

144 Ary raha Jesosy Kristy no velona ao anatinareo, dia ireo asa izay Nataony, ary Ny Teniny, Izy no Teny, no hanamarina ny Tenany amin'izao andro izao, amin'ny alàlan'ilay teny fikasana izay Nomeny mihitsy. Amena. Izany no andrasan'Andriamanitra. Izany no mihazona an'izao tontolo izao, misaraka, mihazona an'izao tontolo izao miaraka, ny tontolo ara-pivavahana miaraka, dia Ny Teniny, mihazona ny Teny rehetra miaraka. Hia.

145 Mila an'izany karazana rafitra izany ny olona, na izany aza. Hahazo an'izany izy ireo. Efa ao anatin'izany izy ireo, izao ankehitriny izao. Ny Fikambanan'ny Fiangonana Maneran-tany

no hanome azy ireo mihitsy an'izay ilain'izy ireo, ny tsirairay avy amin'izy ireo miaraka. Ahoana no ahafahan'ireo Pentekotista ireo hipetraka ao amin'ireo fivoriana ireo, ary miditra ao amin'ny Tanànan'i Vatican ka manoratra taratasy aparitaka iray, ary manao hoe, "Ilay zavatra ara-panahy indrindra hany nolazaiko, rehefa nipetraka teo anilan'i Papa Ray Masina *Ranona-sy-ranona* aho," ary ho Pentekotista ka hahafantatra hoe ahoana . . . Hetsika Pentekotista maty izany. Maty ilay zavatra manontolo. Efa lò izany. Efa vita ny amin'izany! Miverina avy hatrany ao amin'ny Konfederasion'ny Fiangonana izay misy azy izany. Marina tokoa.

146 Fa ilay Fiangonan'ilay Andriamanitra velona, io Ampakarina io, dia mandroso avy hatrany na izany aza. Ary handeha ao amin'ny Fampakarana Izy, amin'ny alàlan'ny Teny, marina izany, ny Teny sy ny Teny no ho tonga hiaraka. Raha ampahan'i Kristy isika, ampahan'Izany, dia tsy maintsy ho Ny Teniny isika, satria Izy no Teny. Marina. Eny, tompoko.

147 Nandà ny Tenin'ny fampanantenana voahosotra izy ireo, amin'izao taona izao, ary Izy isan'andro no Teny. Raha nandefa Teny voahosotra, nampanantenaina iray ho antsika indray Andriamanitra, ho an'ity taona ity, tamin'ny 1946, dia ho ilay iray ihany Izy tahaka Azy fony Izy tonga tany amin'ny voaolohany, ilay Teny voahosotra ho an'ny taona. Hebreo 13:8 no mamerina an'izany eo amin'ny lohalikareo, ka manao hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Marina tokoa izany. Ary isika . . . Ary hijanona amin'ny Teny nampanantenain'ny Ray ho an'ity taona ity Izy. Raha tonga Jesosy, dia ho arak'izay nolazain'ny Teny haha-izy Azy marina tokoa Izy amin'ity taona ity.

148 Izany i Elia tao amin'ny taonany. Izany i Mosesy tao amin'ny taonany. Izany i Noa tao amin'ny taonany. Izany no, hatraiza hatraiza, hany nahatongavan'ny mpaminany tsirairay. Ary ny— ny Teny, rehefa tonga tao amin'ny fahafenoana Izy, dia tonga nofo teo anivontsika ny Teny manontolo, Nanao marina tokoa an'izay Nolazainy fa Hataony tao amin'io taona io Izy.

149 Raha tonga Izy androany, dia ho Jesosy Kristy marina tokoa Izy miaina ny Fampanantenany ny amin'izay Nampanantenainy hatao, araka ny Teny mihitsy.

150 Izy no Teny. Isaia 9:6 dia Jesosy Kristy. Ary rehefa tonga nofo Izy ka nonina teo anivontsika, dia niaina araka izay Niainany marina tokoa Izy. Hoy i Mosesy eo, ao amin'ny Bokin'ny Eksodosy hoe, "Ny Tompo Andriamanitrareo," na Deoteronomia, "ny Tompo Andriamanitrareo dia hanangana mpaminany iray, tahaka ahy; ary izao no hiseho, na iza na iza tsy hihaino Azy, dia ho esorina tsy ho eo anivon'ny—ny olona." Ary rehefa tonga Izy, dia nanao marina tokoa an'izay nolazain'ny Teny fa Hataony Izy. Ary nahita fahadisoana teo Aminy izy

ireo, satria ny rafitr'izy ireo no nanaisotra an'Izany ka nanao ny Tenin'Andriamanitra ho tsy nisy fiantraikany tamin'izy ireo. Hitanareo? Tsy afaka nino zavatra tahaka an'Izany izy ireo. Tsy nino an'ireo karazan-javatra ireo izy ireo, satria efa nihoatra ny fotoana izany, nihevitra izy ireo. Oh!

151 Satria, Noporofoiny ho tsy miova Ny Teniny. Izy no hanamarina ny Teny amin'izao andro izao, tahaka ny Nanamarinany Azy tamin'izany. Izy dia hanameloka, aminkery, ny rafitra ara-anaram-piangonana tsirairay eto amin'izao tontolo izao, raha tonga eto an-tany Izy androany. Izany no Nataony, tamin'ny voalohany. Izany no ho ilay zavatra izay Hokapohiny. Izany marina tokoa no Nokapohiny rehefa tonga Izy tamin'ny voalohany. Tahaka ny Nataony tamin'izany, dia ho toy izany no hataon'izy ireo amin'ity fotoana ity, ihany koa. Ary nanao Izy tamin'izany, satria tsy manova Ny Teniny mihitsy Izy. Tsy manova ny Rafiny mihitsy Izy. Ilay iray ihany foana izany, Izany no Teny voahosotra isan'andro, ho an'ilay taona. Marina izany.

152 Noho izany indray, araka ny ahitantsika azy amin'izao andro izao, raha tonga Izy, ireo Planiny mba hihazonana an'izao tontolo izao miaraka dia ho lavina tahaka azy tamin'izany.

153 Fa henoy, eo am-pamaranana, te-hilaza an'izao aho. Tsy nampanantenaina rafitra iray isika, tsy nampanantenaina anaram-piangonana iray isika, anaram-piangonana ambony iray, karazana planina ambony iray. Fa ny Fanjakana no nampanantenaina antsika, Fanjakana Mandrakizay iray. Amena. Izany no nampanantenaina antsika, manana ny Fiainana Mandrakizay ao amin'io Fanjakana Mandrakizay io. Ary ny Governemanta dia fehezin'ilay Mpanjaka Mandrakizay, Ny Teniny Mandrakizay nomena ny Olony izay manana Fiainana Mandrakizay. Ary ny olon'ny Fiainana Mandrakizay dia tsy mivoky amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, fa izao no voasoratra, hoe, "Ny olona dia hivelona amin'ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." Noho izany rehefa isika ankehitriny no samy . . . Mandray an'io Fanjakana io isika, ary hitantsika fa, "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ity Teny ity dia tsy ho levona mihitsy." Ary ity Teny ity no Fanjakana. Ity no Mpanjaka sy Fanjakana, ilay Rafitra, ny Fiainana, ny kely tsirairay an'izany dia *Ato* mihitsy.

154 Raha mitsara ny Tontolony amin'ny alàlan'ny fiangonana iray Andriamanitra, dia amin'ny alàlan'ny fiangonana iza no Hitsarany an'izany? Firy no misy? Fiangonana ara-anaram-piangonana an-jatony sy an-jatony ary an-jatony samihafa. Raha ny Katolika no marina, dia Katolika iza? Raha ny Katolika Grika no marina, amin'izay fotoana izay dia diso ny Romana. Raha ny Romana no marina, dia diso ny an'ny Grika. Noho izany, hitanareo, raha ny Metodista no marina, dia diso ny Batista. Raha ny Batista no marina, ny—dia diso ny Pentekotista. Raha

ny Pentekotista no marina, amin'izay fotoana izay dia diso ny Presbyterana. Hitanareo? Dia ho tena hifanjevo ianareo rehetra.

155 Fa Andriamanitra tsy namela antsika tsy hanana vavolombelona na ny—ny—ny fenitra iray tokony hijoroantsika. Izany dia ity Teny ity! Hoy Izy hoe, "Aoka ny tenin'olona rehetra ho lainga, fa ny Ahy ho ny Fahamarinana." Marina izany.

156 Satria, "Ny lanitra sy ny tany dia samy ho levona." Nilazana isika eto, fa, "Mahazo Fanjakana tsy azo hozongozonina isika." Eny, tompoko. Rehefa mirodana ireto fanjakan'izao tontolo izao rehetra ireto ankehitriny, ary mirodana izao tontolo rehetra izao, kanefa isika dia natao batisa ho amin'ny Fanjakana izay tsy azo hozongozonina. Amena. Mandray Fanjakana iray isika. Noho izany, rehefa mirodana izao tontolo izao, dia nateraka tao amin'io Fanjakana tsy mety mirodana io isika. Tenin'Andriamanitra Mandrakizay Izany, ary eo amin'izany no ijoroantsika. Tsy mety mirodana mihitsy Izany.

157 Mandre betsaka mikasika an'ity rafitra vaovao ity isika, ilay rafitra ara-pivavahana, fantatrareo, hitondra fiadanana eto an-tany, rehefa miray miaraka ny Katolika sy ny Protestanta rehetra. Ny sasany amin'izy ireo dia mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ny sasany tsy mino, ary ny sasany mino an'*ity,* ary ny sasany mino an'*itsy.* Ary tsy maintsy mamela ny fifamalianareo goavana ianareo izay nifamalianareo isan'andro, ny finoanareo ara-pilazantsara, mba hiditra ao amin'ilay Fiombonambe Maneran-tany. Ary ny anaram-piangonana tsirairay dia tsy maintsy hiditra ao. Noho izany, raha voaozona ny anaram-piangonana, ary ny mikambana ao anatiny, dia inona no ataon'izany? Mampiverina anareo avy hatrany izany. Raha i Roma no renin'ny anaram-piangonana, ary izy no bibidia sy mariky ny bibidia, amin'izay fotoana izay dia nanao sary ho an'izany izy ireo, fiombonambe, ny fiangonana rehetra miaraka no manao sary iray ho an'ny bibidia, noho izany dia miverina avy hatrany any amin'ny mariky ny bibidia mihitsy indray! Ny rafitr'izao tontolo izao, fanaovana anaram-piangonana, no nitondra rafitra iray hitondrana ny mariky ny bibidia.

158 Ary hitanareo tsara izany tahaka ny ahitako azy, fa ho terena izany izao ankehitriny izao, izany, izay rehetra tsy efa ao anatin'ny lamina, ilay milina goavana dia mipetraka eo; ireo mekanika dia miandry an'i Satana eo hiditra ao anatin'izany, miaraka amin'ireo dynamika. Hitanareo? Ary, rehefa atao izany, dia tsy misy olona afaka mitory ny Filazantsara, tsy misy olona, raha tsy anisan'io rafitra io. Io ilay mariky ny bibidia. Ary tsarovy, tamin'io fotoana io, dia efa lasa ny Ampakarina, noho izany dia hitanareo hoe akaiky toy ny ahoana ilay izy. Eny àry, noho izany dia hitanareo hoe aiza no misy antsika.

159 Afaka mahita ianareo hoe inona: io fianjerana lehibe io, ireto zavatra izay miseho ireto. "Oh, mifohaza, ry olo-masin'ny

Tompo, nahoana no rendrehana nefa akaiky ny farany?" Nahoana ianareo no manao an'izany? Manota ianareo indray mandeha dia lasa ny androm-pahasoavanareo. Aza manao an'izany mihitsy. Eny, tompoko.

160 Ankehitriny, tsy hitondra fiadanana maneran-tany io rafitra io. Raha hitondra fiadanana maneran-tany izany, dia inona no nitranga tamin'ilay Andrian'ny Fiadanana izay ny Teny? Antikristy izany amin'ny fampianarany. Manohitra tanteraka an'izay notohanan'Andriamanitra izany, izay Noteneniny tamintsika. "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino," izy ireo dia mino fa fahadalana izany. Asa 2:38 dia zavatra iray hafa, ho azy ireo, tsy mahafantatra na inona na inona amin'izany izy ireo. Ny Teny rehetra, sy ny sisa, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany izy ireo, ary lavin'izy ireo Izany. Manatanteraka marina tokoa an'izay nolazain'ilay mpaminany ao amin'ny Timoty Faharoa, toko faha-3 hoe, "Ho kirina izy ireo, mpieboebo, manana endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa handà ny Heriny, amin'ny andro farany."

161 Io rafitra ara-anaram-piangonana io no mariky ny bibidia. Efa fantatrareo. Raha tsy mbola nandre ahy nilaza an'izany mihitsy ianareo tany aloha, dia izany no antony namelezako tena mafy an'izany. Satria heveriko ankehitriny fa efa saiky ho tapitra mihitsy ny fotoana, noho izany dia mety tsara mihitsy ny mamela an'izany hivoaka sy hiteny ny Fahamarinana mikasika an'izany. Io izy. Izany no mariky ny bibidia, marina tokoa. Roma no bibidia, ary anaram-piangonana izy, ilay rafi-pandaminana voalohany.

162 Ary nivoaka avy tao aminy isika, isika vahoaka Pentekotista, mba tsy mpandray anjara amin'izany; nefa niverina avy hatrany, "tahaka ny alika amin'ny lòany, sy ny kisoa amin'ny fotany," miditra avy hatrany. Tsy mahagaga raha vita ny amin'ny rafitsika Pentekotista, ary toy izany koa ny an'ny Metodista, ny an'ny Batista, ny Fiombonamben'ny Fiangonana Maneran-tany, sy ny rehetra! Voatelina ao amin'ny Fiombonamben'ny Fiangonana izy ireo, manao marika iray na—na sary iray ho an'ny bibidia, mba hanome azy ny heriny. "Ary nanana loha naratra ho faty izy, nefa avy eo dia velona," Roma mpanompo sampy mankany amin'ny Roma papaly. Oh, oadray, efa jamba toy ny ahoana ireo Protestanta! Ary eto ianareo izao, mipetraka eo afovoan'izany mihitsy ankehitriny. Ary tsy misy na inona na inona azonareo atao ankehitriny. Efa voamboatra ilay rafitra. Handray an'izany izy ireo nefa tsy fantany fa efa noraisin'izy ireo izany. Ho ao anatiny ao fotsiny izy ireo, izay ihany. Tsy afaka hivoaka avy ao amin'izany izy ireo. Efa vita izany.

163 Tsy vahiny amin'ny olona izany, na izany aza. Efa notoriana izany. Tsarovy, Andriamanitra dia nanome vavolombelona iray an'izany, nanamarina an'izany tamin'ny alàlan'Ny Teniny. Ireo

zavatra izay Nolazainy fa Hataony, dia Nataony marina tokoa izany. Noho izany, tsy misy fialan-tsiny izany. Eny.

164 Mekanika sandoka izany. Izany no nanatanteraka marina tokoa an'ireo zavatra nataon'i Jesosy hoe, "Tamin'ny alàlan'ny fombafombanareo no nanaovanareo ny Tenin'Andriamanitra ho tsy nisy fiantraikany." Nohon'ny fandàvana an'io Teny marina io, dia miverina avy hatrany ao amin'ilay zavatra iray ihany indray izy ireo, ny fampianarany sy ilay zavatra iray ihany tahaka azy ireo tany amin'ny voalohany, ary, manohitra an'i Kristy izany, mampianatra ny Teny amin'ireo mpino ao amin'ity taona ity ka miteny amin'izy ireo mba—mba handà sy hihodina.

165 Rehefa nanao Ny Teniny ho tonga nofo teo anivon'ny Olony Andriamanitra, tao amin'ny taonan'i Jesosy Kristy, tamin'ny Krismasy voalohany, dia inona no nataon'ireo hetsika Fariseoika sy ireo anaram-piangonana rehetra ireo? Hoy izy ireo, "Aza mandeha any amin'ny iray amin'ireo fivoriana ireo akory aza. Raha mandeha ianareo, dia ho voaroaka ianareo rehefa manao an'izany."

166 Tsy hitanareo ve hoe niverina avy hatrany indray toy ny ahoana ireo zavatra? "Iza io Lehilahy io? Sekoly inona no Nihaviany? Inona no kara-piombonana Ananany? Vondrona inona no Ananany? Avy aiza io Lehilahy io?" Satria, tonga Izy androany tahaka ny Nahatongavany tamin'izany. "Tsy hamela an'io Lehilahy io hanapaka antsika isika. Tsy hamela na iza na iza hiteny amintsika an'izay hatao isika. An'ny Tokana isika. An'ny Telo isika. Presbyterana isika. Isika *ity*. Tsy mila mitaha amin'Izany isika!"

167 Fantatro fa tsy mila ianareo, saingy na ianareo handray ny Teny na ho levona! Izay ihany. Tsy misy fomba hafa afa-tsy Izany, fa Izany no mihazona antsika miaraka. Ny Fanjakan'Andriamanitra dia tsy fanjakan'ity, tsy izany, ny Fanjakan'Andriamanitra dia tsy rafitra iray an'ity izao tontolo izao ity. Jesosy no niteny an'izany. Hoy Jesosy hoe, "Ny Fanjakako dia tsy avy amin'ity izao tontolo izao ity. Raha izany no izy, dia ho niady ireo Solontenako." Izy no Teny.

168 Tahaka an'i Abrahama isika. Nandray ny Teny i Abrahama. Ary ny zavatra rehetra nifanohitra tamin'ny Teny, dia nantsoiny ho toy ny tsy nisy. Ary ny tena zanaka naterak'Andriamanitra rehetra dia mandray ny Tenin'Andriamanitra, ary, tsy miraharaha an'izay lazain'ny olona aho, izay tenenin'ny rafitra manohitra an'ity Teny ity, dia ny Teny no marina, na ahoana na ahoana.

169 Voatery hihaona aminareo eo amin'ny fototr'ireo teny fikasana ireo Andriamanitra. Any ankoatran'ireo teny fikasana ireo, dia tsy afaka hihaona aminareo Izy, satria ianareo no nanendaka ny tenanareo hiala Aminy. Izany no antony

irodanan'ny tontolontsika. Eo am-pamaranana, dia mety hilaza an'ity isika.

170 Ny zavatra rehetra izay mifanohitra amin'Izany, dia toy ny tsy nisy. Rafitra nataon'olona tahaka an'izany, tsy mijery an'izany mihitsy isika. Tsia, tompoko. Satria natao batisa ho amin'io Fanjakana io, dia mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy isika ankehitriny, oh, oadray, miaraka amin'ny Mpanjakantsika voahosotra miaraka amintsika; mivoky eo amin'Ny Fanjakany, ny Teny nampanantenaina voahosotra sy voamarina teo anivontsika mihitsy. Amena. Fioo! Izay ilay izy, ny teny fikasan'Ny Fanjakany natao teo anatrehantsika mihitsy, tsy misy na inona na inona afaka hanodina anareo hiala amin'Izany. Tsia, tompoko.

171 Abrahama, na dia antitra aza ny vadiny, ary niha-antitra foana izy, dia tsy nanelingelina azy na kely aza. Tsy nihanahana tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra mihitsy izy, tamin'ny alàlan'ny tsi-finoana. Tsy mampaninona na impiry no ilazanareo hoe, "Tsy azo atao izany. Tsy afaka milamindamina amin'izany izy," nijanona tsara tamin'Izany izy, na ahoana na ahoana. Satria nahoana? Niaraka taminy ilay Mpanjaka, naneho taminy an'ireo fahitana ary naneho taminy an'izay hiseho, ary nitranga mihitsy araka ny Nolazainy izany, ka fantany fa Andriamanitra izany.

172 Ary rehefa manao teny fikasana iray Andriamanitra ka mahita an'izany ianareo, ary Izy no miteny an'izany ka mitranga izany, ary miteny an'izany ka mitranga izany, ary miteny, mitranga izany, ary tsy diso mihitsy izany, dia izany no Andriamanitra ho an'ilay andro. Oh, mivoky amin'ireo teny fikasan'ny Lanitra an'Ny Teniny nampanantenaina ho an'ity taona ity, oh, mahafantatra, miaraka amin'ny antoka tanteraka an'ny finoana, fa hisy lanitra vaovao sy tany vaovao ho avy. Amena. "Lanitra vaovao sy tany vaovao, satria ho levona ity lanitra voalohany sy tany voalohany ity." Fa ao amin'io lanitra vaovao sy tany vaovao io, Paoly dia nilaza eto ao amin'ny Bokin'ny Hebreo, ny roapolo- . . . 14:25, hoy izy hoe, "Fa mandray Fanjakana tsy azo hozongozonina isika." Ahoana no nidirantsika tao? Tsy tamin'ny alàlan'ny rafitra ara-pivavahana iray; fa, ny Fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo. Ilay Fanjakana! Ny Mpanjaka sy Ny Teniny dia iray ihany, ary ao anatinareo Izany, manamarina ny ora izay iainantsika ankehitriny. Ny teny fikasana nataon'Andriamanitra ho an'ity taona ity, eto isika izao, miaina miaraka amin'ilay Mpanjaka, mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra, mandinika Azy manao an'ireo zavatra ireo.

173 Ary ahoana no ahafahantsika miala amin'ity Teny ity, mankany amin'ny rafitra iray? Inona no ataon'izany? Mandà ny Teny izany. Tsy maintsy mandray ianareo na mandà ny Fahamarinana, alohan'ny ahafahanareo manaiky fahadisoana

iray. Marina tokoa izany. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

174 Ny ora izay iainantsika, O Andriamanitra, mirodana izao tontolo izao! Mihantona ao amin'ireo tranoheva any, ireo baomba, mihantona any ilay zavatra mba hanao marina tokoa.

175 Vonona ilay Fiangonana. Voaisy tombokase Izy, vonona ny ho tonga. Hisy firotsahana goavana iray an'ny Fanahy, eny, tompoko, mba haka an'io Fiangonana io ka hitondra Azy ho any an-danitra. Marina tokoa. Satria, hitanareo, ilay Fiangonana, ny Teny, ny Ampakarina . . . Ary, Kristy, ny Asam-panompoany dia ao amin'Ny Ampakariny, dia Ny Vatany, ilay Vatan-danitra, na ny tiako lazaina, ilay—ilay Vatana ivelan'ny Voajanahariny eo amin'ilay vatana ara-panahy eto an-tany, Ny Fanahiny no miaina Ny Fiainany tsara ao anatiny ao, mandra-pahatonga Azy sy ilay Fiangonana ho lasa iray ao amin'ny fampakaram-bady. Hitanareo, lasa iray izy ireo. Raisiny izy ireo, vitsy an'isa kely fotsiny amin'ny andro farany.

176 Ary avy eo ireo virijiny rehetra izay natory, nanerana ny taona, dia nitsangana izy rehetra, hitanareo. Ankehitriny, izany dia amin'ny fiambenana fahafito, ilay taom-piangonana fahafito, ilay farany, andro farany, ilay Laodikia, amin'ny farany, izay vondrona kely tamin'izy ireo fotsiny no niditra. Fa, izany no mitondra ny fitsanganan'ireo rehetra izay maty tamin'ny taonany, niaina amin'ilay Teny izay voatendrin'Andriamanitra sy notoriana mba hitranga tamin'izany andro izany, araka ny nitetezantsika an'ireo taom-piangonana ireo ka nahita marina tokoa ny Teny izay nihaona tamin'izy ireo tamin'izany fotoana izany; ahoana no nitsanganan'i Luther, ahoana fa hitantsika, tamin'ny taonan'i Luther, nivoaka ilay bibidia tahaka ny tarehin'olona teo aminy, ary nivoaka, izany dia "mpanavao," midika hoe *olona*. Ary, rehefa, tamin'ny taona rehetra, ny tsirairay avy dia nahatanteraka marina tokoa an'ireo fitakian'ny Tenin'Andriamanitra.

177 Ary toy izany koa no hanatanterahan'ity taona ity marina tokoa ny famantarana sy fahagagana ary ny zavatra izay nampanantenain'Andriamanitra hatao amin'izao andro farany izao. Ary ilay Fiangonana Izy tenany dia ho vonona ary handeha any amin'ny Fampakarana miaraka amin'i Jesosy, satria, "Mandray Fanjakana izay tsy azo hozongozonina isika. Tsy azo hozongozonina Izany. Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa io Fanjakana io tsy ho levona mihitsy." Amena. Faly aho fa, izao hariva izao, amena, izao hariva izao, ao amin'io Fanjakana io. Tsy faly ve ianareo fa ao anatin'Izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oh, oadray, ao anatin'ny Fanjakana iray, Ity!

178 Eritrereto fotsiny, inona no azonareo ampanantenaina ny

tenanareo androany? Afaka folo ka hatramin'ny dimy ambin'ny folo taona hafa, raha haharitra izao tontolo izao, raha tena maharitra an'izany izy, ny olona tsirairay eto Shreveport, ny vehivavy tsirairay, tsy maintsy hitondra basy iray ianareo, eny an-dàlambe, hiaraka aminareo, ao am-paosinareo, mba hiarovana ny tenanareo. Ireo jiolahy! Ahoana no hanakananareo an'izany? Andramo izany. Eny, ny manontolo . . .

179 Tany New York aho, tamin'ny herinandro iray. Ary nandeha nanerana tany, nandritry ny maily maro, tsy nisy afa-tsy ireo jiolahy adolantsento ireo niaraka tamin'ny kavina teo amin'ny sofiny, ary volom-boalavo, nanao atin'akanjo, ary ireo zazavavy manao bikinis kely, izany no iantsoan'izy ireo azy, nanao tahaka an'izany, teny an-dàlambe. Ary tsy maintsy manome làlana azy ireo ny besinimaro. Oh, inona no olana amin'ity firenena ity? Ilay izy dia satria izany no—no famantarana ny firenena mihalò ara-pitondran-tena, nolavin'Andriamanitra. Izay ihany.

180 Ahoana no ahafahanareo hanorina eo ambonin'ireo potin-tsaribao tahaka an'izany? Ahoana no hanaovanareo an'izany, nefa mandeha eny an-dàlambe ireo jiolahy ka mitifitra an'ilay tena Filoha tao amin'ny fiarany mihitsy?

181 Ary indray hariva, lehilahy iray tao an-trano fisakafoanana iray amin'ny làlana ambanivohitra nentina nohon'ny fanambakana sy ny zavatra rehetra, nandroso avy hatrany ary nitsambikina teo anatrehan'ny tafiky ny polisin'i Texas niaraka tamin'ny zato mahery nitsangana teo, nandroso avy hatrany; ary ny olona rehetra nijery azy, namoaka ny basiny ary nitifitra lehilahy iray tamin'ny famonoana olona ankitsirano, dia nivoaka. Hiaro tena izy hoe "adala," dia ho afaka.

182 Tao amin'ny tanànanay mihitsy, niditra tao amin'ny garazy mihitsy ny lehilahy iray, indray andro, tao anatin'ny fikambanana kely iray, ary naka le—le—lehilahy iray izay mpi—mpivarotra fiara. Tsy tiany izy, ary namoaka basy iray fotsiny izy ka nitifitra azy, in-efatra na indimy. Ary nilaza izy fa adala; navelan'izy ireo handeha izy. Raha izany no "fahadalana" niarovana an'io lehilahy io, amin'izay fotoana izay dia nanana anjara iray koa i Oswald, tokony ho nanana anjara iray hiaro tena ho adala.

183 Inona izany, na izany aza? Hitanareo hoe aiza ilay izy, ilay zavatra manontolo dia andiana fahalòvana goavana! Ilay zavatra manontolo dia meloka, ary izao tontolo rehetra izao dia mitsangana meloka, ary ny fiangonana dia mitsangana meloka eo anatrehan'Andriamanitra. Amena. Tsy mahagaga raha mirodana isika!

Ndao isika hivavaka.

184 Tompo Andriamanitra, eto izahay izao. Eto ny ora, Ray. Mety ho tara kokoa noho izay eritreretinay izao. Angamba efa tena tafiditra ny fahalòvana, ary efa nihinana ilay valalavao, sy ilay

sompanga, hany ka lasa ilay Aina rehetra. Mivavaka Aminao aho, Tompo, mba hamindra fo. Ekeo, Tompo, raha misy lehilahy iray na vehivavy, zazalahy na zazavavy, eo amin'ny Fanatrehana ankehitriny, izay tsy mahafantatra Anao, mba hanaiky Anao izy ireo izao ankehitriny izao, Ray. Mety ho izany ilay anarana farany izay hany handeha eo amin'ny Boky, avy eto Shreveport.

185 Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika. Eto ve izany olona izany te-hanangana ny tànany, hanao hoe, "Rahalahy Branham, resy lahatra tanteraka aho fa marina izay nolazainao. Mirodana izao tontolo izao, ary mandray Fanjakana iray izay tsy mety mirodana isika. Ary, raha ny amiko, dia tsy azoko antoka raha ao amin'io Fanjakana io aho, na tsia."

186 Aza miantehitra amin'ny hoe nanana karazana fahataitairana ara-pientanam-po iray ianareo. Aza miantehitra amin'ny hoe efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo. Mino an'ireo zavatra ireo aho. Azo antoka, mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Saingy efa nandre devoly niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nanome ny fandikana an'izany aho, manoratra amin'ny fiteny tsy fantatra, mpamosavivavy, hitanareo. Tsy afaka mifototra amin'izany ianareo.

187 Fa raha ao anatinareo ny Fiainan'i Jesosy Kristy, dia hiaina amin'ny Tenany ihany Izany, hino ny Tenin'Andriamanitra tsirairay. Satria, tsy afaka handà ny Tenany Izy, Izy no Teny.

188 Ankehitriny, raha Izy no Teny, ka ao anatinareo Izy, ary avy eo dia hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, teneniko aminao, tsy afaka maka an'Izany fotsiny aho. Tsy mino an'Ity aho, hoe ho an'ity andro ity ireo zavatra ireo," nefa eto dia nampanantenaina ho an'ity andro ity Izany, oh, ry rahalahiko, efa voafitaka ianareo. Nisy fanahy iray tonga tao aminareo ka namitaka anareo.

189 Ramatoa, raha ianareo, na lehilahy, na iza na iza ianareo, raha tena misy ireo zavatra ireo, tena misy ao amin'ny Teny, izay nahafatesan'i Jesosy Kristy; tsy hoe mba hananana fiangonana iray fotsiny na hananana andiana fientanam-po iray, fa mba hananana andiany iray izay manana Ny Fanahiny, miaina ao Aminy; Ny Ampakariny, Ny Teniny no ao anatiny ao, dia marina ny Teny tsirairay. Ary fantatrareo fa tsy tahaka an'izany no Iasany amin'ny alàlanareo, fantatrareo fa misy zavatra, ao amin'ny Baiboly, izay tsy azonareo inoana fa marina fotsiny; ka te-hotsarovana ao amin'ny vavaka ve ianareo? Ankehitriny miaraka amin'ny maso tsirairay mikimpy, ny loha tsirairay miondrika, manontany aho, raha amin'ity ora tara ity izay . . .

190 Mety ho saiky fotoana tsy misy fihetseham-po izao, hitanareo, satria ho avy ny fotoana iray tahaka an'izany rehefa hesorina hiala amin'ny tany ny Fanahin'Andriamanitra, tsy hisy intsony. Haharitra vetivety ilay Fiangonana, marina izany, mitory teny, satria tsy maintsy mitory amin'ilay very

Mandrakizay izy, tahaka ny nataon'ny asam-panompoana tsirairay mihitsy, nanerana ny taona. Ny ampahany farany an'ny asam-panompoana tsirairay dia nitory teny tamin'ilay very Mandrakizay. Ary hisy asam-panompoana iray ankehitriny izay hitory teny amin'ilay very Mandrakizay rehefa avy nandà ny handray an'Izany izy ireo.

191 Fa raha mbola toy ny misy pitik'afo iray foana ao amponareo, hoe tianareo ny hanana an'i Kristy ao anatinareo, ary maty izao tontolo rehetra izao, dia hanangana ny tànanareo ve ianareo, hanao hoe, "Tsarovy ao amin'ny vavaka aho, Rahalahy Branham." Ny Tompo hitahy anareo. Eny, eny, tànana folo na dimy ambin'ny folo. Mbola hisy hafa ve alohan'ny hivavahantsika? Ankehitriny dia vonona ny hamarana isika, afaka roa na telo minitra eo. Andriamanitra hitahy anao, ry ramatoa tanora.

192 Eritrereto fotsiny izany, eritrereto, eritrereto izany, ahoana moa raha efa tara loatra izao? Ahoana moa raha ianareo no olona farany izay hany Hodondominy eo am-baravarana?

193 Mirodana izy, fantatsika izany. Tsy afaka hijanona eto ianareo, izany no zavatra iray azo antoka. Tsy afaka hijanona eto ianareo. Handeha ianareo. Mariho fotsiny izany, handeha ianareo. Ary raha ianareo no . . .

194 Aza taitaitra fotsiny. Aza manao hoe, "Mikambana amin'ny fiangonana aho." Aoka hahazo antoka amin'Izany. Raha tsy i Kristy no miaina ao aminareo, ao anatinareo, hany ianareo ka . . . ny sainareo, ny fonareo, ny fanahinareo, ny tenanareo rehetra.

195 Ianareo, hoy ianareo hoe, "Eny, mihevitra aho . . ." Tsy mila manana eritreritra ho tonga ianareo, rahalahy. Aoka ny saina izay tao amin'i Kristy no ho ao anatinareo! "Heveriko fa ireo andro dia tsy tokony ho . . . Heveriko fa tsy tokony hisy *ity*. Heveriko fa tsy *ity* no tian'ny Teny lazaina." Tsy mila manana eritreritra ho tonga isika.

196 Raha ny sain'i Kristy no ao anatintsika, dia ho fantatsika fa ity Teny ity no Fahamarinana, ary miaina tsara amin'ny alàlantsika Izy. Tsy misy azonareo atao amin'izany, Kristy Izany!

197 Esory ny aina avy ao amin'ny pasteky iray ka apetraho ao anaty voatavo iray izany, hamokatra pasteky izy. Tsy afaka hanakana azy amin'izany ianareo, satria ilay aina ao anatiny izany.

198 Ary raha—ary raha hoy ianareo hoe, "Eny, tsy mino an'Izany aho, ny—ny Teny eto," amin'izay fotoana izay dia tsy ny Fanahin'i Kristy izany. Hitanareo, misy fanahy hafa iray ao anatinareo.

199 Misy iray hafa ve alohan'ny hivavahantsika? Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, ary ianao, ianao. Eny, tsara izany. Ankehitriny, olon-kafa iray, vetivety fotsiny ankehitriny. Andriamanitra hitahy anao, ry lehilahy tanora.

Ianao, ramatoa kely. Ianao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, ary ianao. Eny àry, misy iray hafa ve? Andriamanitra hitahy anao, ery aoriana ery.

200 Aza matahotra ankehitriny. Aza menatra ankehitriny. Mety ho tara loatra rahampitso hariva. Hitanareo? Mety ho izao hariva izao no mijanona tsy hitempo io fo io. Mety ho izao hariva izao no andàvanareo an'Izany, ny fotoanareo farany.

201 Firy ato no tsy manana ny batisan'ny Fanahy Masina, atsangano ny tànanareo, fantatrareo fa—fa tsy manana an'Izany ianareo? Oadray! Tahaka an'izany no hidiranareo. Ny Fanahy Masina dia Kristy. Tahaka an'izany no nanisiana tombokase anareo ho amin'ny Fanjakana, Efesiana 4:30, "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo ho amin'ny andro fanavotana anareo." Ary raha ianareo—ary raha manana eritreritra mikasika an'ity Baiboly ity ianareo, hoe tsy marina Izy, amin'izay fotoana izay dia tsy Kristy ilay fanahy ao anatinareo, satria Kristy no Teny.

202 Io ilay Fanjakana izay tsy azo hozongozonina, ny Teny izany. Izany ilay Fanjakana tsy azo hozongozonina. "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho levona." Raha ao anatinareo ny Teny! "Raha mitoetra ato Amiko ianareo, ary Ny Teniko ao anatinareo; dia angataho izay tianareo, hatao ho anareo izany. Ireo asa izay Ataoko," Masindahy Jaona 12, 14, "ireo asa izay Ataoko, no hataonareo koa; mihoatra noho izany aza, satria mankany amin'ny Ray Aho. Vetivety foana, dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao; fa ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao."

203 Diniho hoe inona ireo Asany, jereo raha miverina ho antsika izany amin'ny andro farany. Efa nolavin'izy ireo ve Izany? Maneran-tany! Ary mirodana indray izao tontolo izao, amin'ity Krismasy ity, tahaka azy tamin'io Krismasy io.

204 Ry Rainay any An-danitra, nisy tànana maro nitsangana teto izao hariva izao, angamba telopolo na efapolo, tao amin'ity vondron'olona kely ity, nitsangana izao hariva izao, hoe fantatr'izy ireo fa tsy teo amin'izay tokony hisy azy ireo fotsiny izy ireo. Fantatr'izy ireo fa tsy nitoetra tao amin'izy ireo Ianao, tao amin'ilay Fatra. Ny sasany, angamba zavatra ao amin'ny Baiboly, hoy izy ireo hoe, "Izaho fotsiny . . . Izaho—izaho—manaiky an'Izany aho satria izaho—mihevitra fotsiny fa tokony hanaiky aho angamba."

205 Saingy, Tompo, Ianao no nampanantena fa ho ny Teny Ianao, ary Ianao no Teny. "Ary ho tonga eo aminareo Aho, ka hampahafantatra ny Tenako aminareo." Hitanay fa ireo Rafitrao, ny Rafitrao, dia tsy miova mihitsy.

206 Rehefa tonga Ianao tao amin'ny Testamenta Taloha, dia hoy Ianao hoe, "Ny Teny dia tonga tamin'ireo mpaminany." Ary

rehefa tonga Izany, dia naminany izy ireo ary niseho Izany, satria Andriamanitra Izany.

207 Fantatray ankehitriny fa rehefa nandefa anay Ianao, ka naniraka anay handeha hankany amin'izao tontolo rehetra izao sy hanao mpianatra, dia hoy Ianao hoe, "Rehefa tonga eo aminareo Izy ilay Fanahy Masina, dia Izy no hitondra an'ireo zavatra izay Nampianariko anareo, ao amin'ny fahatsiarovanareo." Izany ilay izy, indray! "Ary haneho aminareo an'ireo zavatra ho avy." Mbola! "Andriamanitra, tamin'ny fotoana samy hafa sy fanao samy hafa dia niteny tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany; amin'izao andro farany izao dia amin'ny alàlan'Ny Zanany, Kristy Jesosy." Ny Fanahy Masina Izy tenany, tonga, Mpanambara ny Teny voasoratra, ary Mpaneho an'ireo zavatra ho avy! Izao no voalaza hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra," ao amin'ny Hebreo 4, "dia maranitra noho ny sabatra roa lela, Mpamantatra ny eritreritra izay ao am-po."

208 Ary ny olom-piangonana sy mpanota, amin'izao andro izao, dia afaka mipetraka ka mahita Anao manao an'ilay zavatra iray ihany, nefa miantso an'Izany ho fanahy *ratsy* iray, tahaka ny nataon'izy ireo mihitsy tamin'ireo andro lasa. "Raha miantso ny Tompon'ny trano izy ireo hoe 'Belzeboba,'" ary hitanay izany.

209 Tompo, Andriamanitra, inona koa no mbola azonay atao ankehitriny? Misy fo noana eto izay nanangana ny tànany. Raiso izy ireo ankehitriny, Tompo, fenoy ny Fitiavanao ny fo tsirairay. Ekeo izany.

210 Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika. Raha teho tonga eto amin'ny lampihazo eto ianareo izay nanangana ny tànanareo, dia aza—aza ahemotra izany, hitanareo. Amin'izao fotoana manaraka izao mihitsy ankehitriny, mitsangàna avy hatrany, haingana mihitsy, ary tongava eto, mitsangàna fotsiny. Ity no mety ho hariva izay andraisanareo ny Fanahy Masina.

211 Ry sakaiza, jereo, tsy haharitra foana izao. Izany, hifarana izany. Mifarana izany izao ankehitriny izao, ary mety efa nifarana izany. Fa raha mbola miezaka ny haniry hanatona an'i Kristy foana ianareo, amin'izay fotoana izay dia azo antoka fa misy zavatra ao, mbola, misintona anareo tahaka an'izany.

212 Tsy ho avy ve ianareo ankehitriny ka hitsangana eto mihitsy ho an'ny vavaka? Ianareo izay maniry ho avy, dia hanatona avy hatrany manodidina ny alitara, vetivety fotsiny, raha mbola mihazona ny lohantsika miondrika isika. Ankehitriny dia mitsangana avy hatrany ny olona. Marina izany, manatòna avy hatrany manodidina ny alitara. Manaova hoe, "Mirodana izao tontolo izao, tsy mila an'izao tontolo izao aho ato anatiko. Mila Fanjakana iray aho ato anatiko, izay tsy mety mirodana."

213 Hoy i Jesosy hoe, "Tsy misy na inona na inona ho very. Izaho no hanangana an'izany indray amin'ny andro farany. Eny,

Izaho no hanangana an'izany." Izy no nampanantena, noho izany dia tsy afaka mirodana ianareo. Andriamanitra no hanangana an'izany. Tsy ahoako na inona ilay izy, Izy no hanangana an'izany.

214 Efa fantatrareo ve fa tsy misy na inona na inona azon'ny olona ringanina? Tsy misy na inona na inona azo ringanina. Hoy ianareo, "Ahoana ny amin'ny afo, rehefa mandevona zavatra izy?" Tsy mandringana an'izany ilay izy. Ireo atoma ao anatiny fotsiny no manasaraka an'ireo akora simika, ary mahazo hafanana avy amin'izany ianareo. Miverina avy hatrany amin'ny toerany tany am-boalohany izy, tahaka ny naha-izy azy tany amin'ny voalohany; asidra, entona, hazavana, sy ny sisa, tahaka ny naha-izy azy. Tsy afaka mandrigana na inona na inona ianareo. Raha—raha naharitra ela izao tontolo izao, dia mety hiverina ho singan-taratasy iray hafa avy hatrany izy, na hazo iray hafa, na inona na inona izay doranareo. Hitanareo, tsy afaka mandringana an'izany ianareo. Andriamanitra no nanao azy ho tahaka an'izany.

215 Oh, tsy afaka mandringana ny famoronan'Andriamanitra ianareo, marina tokoa izany, noho izany dia tsy mihoatra noho izany ve no Ahafahany manangana an'izay Nampanantenainy!

216 Tsy ho avy ve ianareo? Mbola hisy amboniny ve ankehitriny? Misy vondrona kely iray eto, tsy antsasak'ireo izay nanangana ny tànany. Nihevitra aho fa matotra tamin'izany marina tokoa ianareo rehefa nanangana ny tànanareo, indrindra tamin'ny Hafatra iray tahaka an'izany.

217 Firy aminareo ato, ankehitriny miaraka amin'ny lohanareo miondrika, no mahafantatra an'izao, hoe efa nahita an'Andriamanitra nihazona ny Fampanantenany ianareo, teto amin'ity lampihazo ity mihitsy, ary mahafantatra an'ireo tsiambaratelon'ny fo? Iray, tsy nisy fotoana iray hany Nitenenany zavatra iray ka tsy nitranga. Fantatrareo fa marina izany. Tao amin'ireo fivoriana, hatraiza hatraiza, izay nataon'i Jesosy Kristy marina tokoa fony Izy teto an-tany teto, dia Nataony indray izany. Fantatrareo izany. Fantatrareo tsara izany. Nieritreritra ny Fanasitranany aho.

218 Roa herinandro lasa izay, talohan'ny nandehanako tany New York, dia nisy ramatoa iray tonga niaraka tamin'ny homamiadana teo tao amin'ny tenda. Niresaka taminy ny Fanahy Masina, tao amin'ilay fivoriana. Indro teto izy, tamin'ny Alahady, niaraka tamin'ny homamiadana tao anatin'ny silaka vorodamba iray, nikohaka izy namoaka azy. Nijery an'izany ireo dokotera, ka nanao hoe, "Niala tamin'ilay homamiadana ny aina, ka niendaka izy." Ary nikohaka izy namoaka azy.

219 Ny iray hafa dia tratry ny homamiadana tao amin'ireo glandy vavy. Ary nanana an'izany mihitsy izy teo, niaraka tamin'ny sary iray nohalehibeazina, niaraka tamin'ny

fanambaran'ny dokotera teo amin'izany. Navoakany izany, roa andro taty aoriana.

220 Zazalahy kely iray nitsangana teo, izay tsy nanana fahatsiarovana, nandritry—nandritry ny volana sy volana ary volana. Nianjera izy ary naratra ny taorian'ny lohany. Tsy fantany akory aza hoe iza izy na taiza no nisy azy. Tamin'ny tonom-bavaka iray fotsiny, ary nametra-tànana teo aminy aho, hoy aho hoe, "Iza ny anaranao?"

Hoy izy hoe, "Billy Dukes."

Hoy aho hoe, "Firy taona ianao?"

Hoy izy hoe, "Sivy taona." Hoy izy, "Aiza no misy ahy?"

221 Ny Herin'Andriamanitra! Maniry aho ny mba niarahanareo tamiko tany Colorado, herinandro vitsivitsy lasa izay, rehefa nisy zavatra nitranga izay ho nampangovitra anareo, ny mahafantatra hoe inona ilay izy. Eo amin'ny andro farany isika, ry sakaiza.

Aza, aza ahemotra intsony izany. Avia. Raha misy anankiray hafa eto, dia avia. Sitrakareo ve? Ho avy ve ianareo?

222 Ankehitriny, raha tsy ho avy ianareo, hitanareo, izaho—izaho tsy afaka, izaho—izaho—izaho—izaho . . . Ny hany azoko atao dia ny miteny aminareo ny Fahamarinana fotsiny, hitanareo, avy eo dia miankina aminareo izany. Tahaka an'i Noa, niditra izy, nikatona taoriany ny sambofiara, tsy nisy na inona na inona nitranga vetivety; fa levona izao tontolo izao tany ivelany, ary nitohy velona tahaka an'izany koa izao tontolo izao. Hitanareo?

223 Nanohy avy hatrany i Pilato, rehefa avy nanohombo an'i Jesosy izy. Hitory eo amin'izany aho, afaka hariva vitsy hoe, "rà eo amin'ny tànanareo," raha sitraky ny Tompo.

Mariho ankehitriny, misy anankiray hafa ve, alohan'ny hamaranantsika?

224 Ankehitriny dia hangataka an'ireo vehivavy sy lehilahy tena nohamasinina aho, izay mahafantatra an'Andriamanitra, mba ho tonga ka hitsangana eto ary hametra-tànana eo amin'ireto olona ireto. Ity angamba no fotoana farany hany hananan'izy ireo an'izao fanararaotra izao. Ny sasany aminareo olona nohamasinina izay mahafantatra an'Andriamanitra, avia ka mitsangàna miaraka amin'ireto olona ireto. Manana karatra mavokely izy ireo, saiky ny tsirairay avy amin'izy ireo, izay midika fa izy ireo dia, izy ireo dia vahiny eo anivonareo. Heveriko fa marina izany. Avia, apetraho eo amin'izy ireo ny tànanareo. Ny sasany amin'ireo mambran'ny Life Tabernacle, avia eto. Teho tonga ve ny sasany aminareo rahalahy eto? Avia, izao no ora. Ianareo ve tsy—tsy tianareo ve izao, ry olona? Oadray! Aiza ny zotom-pontsika? Aiza ny zavatsika izay manao antsika handroso? Inona ny olana?

Ankehitriny raha hiandry vetivety fotsiny ny mpanatrika, ho an'ity vavaka ity.

225 Ianareo olona mitsangana eto, jereo ankehitriny, aza miantehitra amin'ny fientanam-po iray, na dia misy fihetseham-po aza ao anatin'Izany. Aza miantehitra amin'ny hoe raha hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, na tsia. Aza mieritreritra na inona na inona mikasika an'izany. Andriamanitra no hikarakara an'izany, hitanareo. Mangataha amin'i Jesosy Kristy mba hiditra ao amin'ny fiainanareo ka hiaina ny Tenany amin'ny alàlanareo. Tsy mila eritreritra betsaka avy amin'ny anareo manokana ianareo. Ireo Eritreriny no ilainareo. "Aoka ny saina izay tao amin'i Kristy no ho ao anatinareo." Oh, ity no . . .

226 Ity, eny, handre an'ireto zavatra ireto mihitsy amin'ny fotoana farany ianareo, indray mandeha. Jereo ankehitriny, tiako ny mpanatrika rehetra hitsangana, eo. Ankehitriny, ry vahoaka malala izay tonga eto ho an'ny batisan'ny Fanahy Masina, rahampitso dia Fanoloram-pisaorana, tsy misy miasa rahampitso. Ity dia ho an'ny fanahinareo, rahalahy, ranabavy. Ity no fitodianareo Mandrakizay. Ity, ilay izy dia na ankehitriny na tsy misy mihitsy. Ary raha mbola mahatsapa an'io fisintonana kely anankiray io foana ianareo! Ary eritrereto fotsiny ireto Fahamarinana ireto, mipetraka eo anatrehantsika mihitsy izy ireo. Aza maty nohon'ny amin'ireo zavatra ireo, ry havana. Tena misy izany. Voaporofo izany, tena misy, tanteraka isan'andro. Ary ny Teny izany, voamarina!

227 Mijery lehilahy iray aho mitsangana eto mihitsy. Tsy afaka mieritreritra ny anarany aho. Mino aho fa Blair ilay izy, Reverà Blair. Rehefa tany Hot Springs aho, teto vao tsy ela akory izay, dia hitako tao amin'ny mpanatrika, io lehilahy mipetraka eo io, ary fanahy ratsy iray no niezaka ho tonga teo amin'io lehilahy io, mba hanao azy hisalasala ny amiko. Diniho ankehitriny izay nitranga. Hoy aho hoe, "Mety hila ahy ianao indray andro any, hitanao." Tsy nisy afa-tsy herinandro vitsy fotsiny dia niantso ahy ny vadiny, teo am-pahafatesana ilay lehilahy. Hitanareo?

228 Dia nanaiky ilay lehilahy, fantany tamin'izay fa ny devoly no niezaka nanao azy hino fa karazana fitaka na zavatra iray Izany. "Fa ahoana no nahafantarany an'izany?" nieritreritra izy. Koa noho izany izy . . . Tamin'ny alàlan'ny vavaka no nandroahanay an'ilay ratsy hiala aminy.

229 Ary avy eo herinandro vitsy lasa izay, hitanareo, fantatr'i Satana fa ho avy io fotoana io, izay hipetrahany eo miaraka amin'ny fivontosana eo amin'ny valahany, mino aho fa ny vadiny no nilaza an'izany, na zavatra iray, miaraka amin'ny tazo mahery, nidelira tao amin'ny lohany; tsy fantatro hoe inona ilay izy, aretina iray tao amin'ny valahany, nampivonto ny valahany. Dia niantso ahy ny vadiny kely tany Tucson. Hoy aho hoe, "Ranabavy, manana mosara iray ve ianao?" Mino aho fa nanana

zavatra hafa izy tany, aron'akanjo kely iray na zavatra iray. Hoy aho hoe, "Izaho—afaka mahita an'izany aho. Raiso io dia apetraho eo amin-dRahalahy Blair, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy." Ary nangataka azy izy ho tonga hiantso.

230 Ahoana moa raha nahomby i Satana ka nanao azy tsy hino, nefa fantany fa teo izany? Tsy hitsangana eto izy izao hariva izao miaraka amin'ny Baiboliny eo ambonin'ny fony. Hitanareo?

231 Satana dia miezaka ny hanao anareo tsy hino an'Ity. Marina izany. Aza mihaino an'izany. Tsarovy, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Hitanareo, voaporofo fa marina ireo zavatra ireo.

232 Ankehitriny dia ndao fotsiny isika rehetra, ianareo eto amin'ny alitara, ndao fotsiny isika hanangana ny tànantsika, ka hanao hoe, "Tompo Jesosy, ampio aho izao ankehitriny izao," ny tsirairay avy mivavaka.

233 Ry Rainay any An-danitra, tafangona eto izahay, O Andriamanitra, eo anelanelan'ny fahafatesana sy ny fiainana izany, ho an'ireto olona mitsangana eto ireto. Aoka ny Fanahy Masina hiditra ao amin'ny fiainan'izy ireo izao ankehitriny izao. Enga anie ho tonga ny Herin'Andriamanitra, izay nitondra azy ireo manodidina an'ity alitara ity, enga anie Izany ho tonga amin'izy ireo ao amin'ny fitsanganan'i Kristy, ka hanome azy ireo an'ilay Fiainana Mandrakizay lehibe izay tadiavin'izy ireo. Tompo, eo am-pahafatesana ireo fiangonana hatraiza hatraiza, toy ny hoe nesorina tamin'ny tany ny rano ara-panahy. Ary raha mbola misy fanararaotra iray hahatongavan'ireto olona ireto eo ambanin'ilay Loharano, dia ekeo, Tompo, mba ny fanahin'izy ireo karakaina, izao hariva izao, izay noana sy mangetaheta an'Andriamanitra, enga anie ho feno ny Fanahy Masina izao ankehitriny izao. Ekeo izany, Tompo. Aoka ho eo amin'izy ireo ny Famindramponao sy ny fahasoavanao.

234 Ankehitriny fotsiny—hazòny fotsiny ny lohanareo... manohiza mivavaka, manohiza mivavaka fotsiny. Ny olona rehetra, hitanareo, manohiza mivavaka fotsiny. Mivavaka ho anareo aho. Hataoko izay rehetra vitako, saingy tsy afaka manome anareo ny Fanahy Masina aho. Andriamanitra no tsy maintsy manao an'izany. Jereo, ataovy hoe eo anatrehanareo mihitsy Kristy, ao an-tsainareo. Jereo eo ary jereo raha mahita an'i Kristy eo anatrehanareo ianareo, raha manakimpy ny masonareo ianareo. Avy eo dia midira ao Aminy avy hatrany, ka manaova hoe, "Tompo Jesosy, inty aho. Ho iray izaho sy Ianao, manomboka izao. Horaisiko ny Teny tsirairay izay Noteneninao tamiko izao hariva izao." Mijanòna eo fotsiny ankehitriny, manohiza mijanona fotsiny, raha mijanona ianareo izao hariva izao, rahampitso, ny andro manaraka, mijanòna fotsiny mandra-pahatapitr'izany rehetra izany, mivavaka,

mino fa hameno anareo amin'ny batisan'ny Fanahy Masina Andriamanitra.

235 Avia eto, Don, tariho ao amin'ny vavaka izy ireo. Andriamanitra hitahy anao, Don.

63-1127 Mirodana Indray Izao Tontolo Izao
Life Tabernacle
Shreveport, Louisiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org